

Ahoana No Nahatongavan'ilay
Anjely Teo Amiko

araka an'i

William Marrion Branham

Teny mialoha

Misaotra anao ny amin'ny fitiavanao hahalala ny amin'ity lehilahin'Andriamanitra ity, Rahalahy William Branham.

Hatramin'ny andro nahaterahany tsotra, tao amin'ny havoan'i Kentucky ny 6 Aprily, 1909, dia nisy famantarana ivelan'ny voajanahary nanaraka ny fiainany. Ity boky ity no milaza ny fiainany, amin'ireo teniny ihany, hoe ahoana no nandositany ny antson'Andriamanitra mandra-pahatonga azy tsy afanandositra intsony, avy eo dia nanolotra ny fiainany, tamin'ny fiovam-pony, ary tonga mpanompon'ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy Tompontsika.

Ny asam-panompoan'ny Rev. Branham no mpialohalalana an'ireo fifohazana lehibe an'ny fanasitranana izay nanenika an'i Amerika manontolo ny taona 1940. Neken'ny rehetra fa mpanompon'Andriamanitra izy, dia nampianatra izy fa ny Baiboly no Tenin'Andriamanitra tsy miovaova ka ireo fampanantenana voarakitra ao Anatin'ny dia marina amin'izao andro izao toy ny nanambaràna azy ireo fahiny ihany.

Ireo fivoriany tao Greyville Race Course tany Durban, Afrika Atsimo, ny 21-25 Novambra, 1951 no fivoriana lehibe indrindra natao tao Afrika Atsimo tamin'izany fotoana izany. Olona 100,000 eo ho eo no nanatrika ny fivoriana farany, ary olona 30,000 no niova fo taorian'ny antso teny amin'ny alitara.

Evanjelista maro izay nalaza tamin'izany vanim-potoana izany no nanatrika ny fivorian'io mpaminanin'Andriamanitra io ka nanaja azy feno tokoa, anisan'izany Rahalahy Tommy Hicks, Rahalahy Oral Roberts ary Rahalahy Tommy Osborn.

Sarin'Ilay Ivelan'ny Voajanahary

Ity sary mahatalanjona ity dia azo niaraka tamin'i Rahalahy William Branham tao Houston, Texas, ny Janoary 1950, nalain'ny Douglas Studios.

Ireo mpaka sary ireo, Atoa. James Ayers sy Atoa. Theodore Kipperman, rehefa nanasa ny sary, dia talanjona nahita ny fahamarinan'ny fisian'ny Hazavana iray teo ambonin'ny lohan'ny Rev. Branham. Tsy mbola nahita zavatra tahaka an'izao mihitsy izy ireo hatramin'izay, ary tsy nisy nahazo ny fisian'io hazavana io na ny iray tamin'izy ireo aza. Ny ampitson'io dia nanatona an-dRahalahy Branham izy ireo sy ny sasany tao amin'ny ekipany. Dia nazavaina tamin'izy ireo fa efa nisy sary mitovitovy amin'io azo tany aloha saingy ilay Hazavana kosa dia tsy madio be tahaka an'Ity eto amin'ny sary eto ity mihitsy.

Ny porofon-tsary dia nomena an'i George J. Lacy, Mpandinika Antontan-taratasy Mampisalasala an'ny Federal Bureau of Investigation, mba hanamarina na tsia fa hoe ilay hazavana eo ambonin'ny lohan'ny Rahalahy Branham dia mety ho avy amin'ny tsi-fetezan'ny hazavan'ny fakan-tsary, ny fanasana na ny fanamboarana. Nanaiky ny handinika ny porofon-tsary Atoa. Lacy ka hanome ny heviny avy eo mikasika an'io. Tamin'ny ora nifanarahana rehefa avy nahavita ny fandinihany feno sy nanao ny fehitenniny izy, dia niditra tao amin'ny efitrano fiandrasany izy izay efa nisy an'ireo mpikambana ao amin'ny ekipan'i Branham, ny mpanao gazety ary ny hafa. Rehefa niditra tao an'efitra izy dia nanontany hoe iza no William Branham. Dia nitsangana Rahalahy Branham ka nampahafantatra ny tenany. Hoy Atoa. Lacy hoe, "Rev. Branham, ho faty tahaka ny mety maty rehetra ihany ianao, saingy kosa, raha mbola hitoetra foana ny sivilizasiona Kristiana, ity sarinao ity dia hitohy ho velona hatrany."

Tao amin'ny tatitra ofisialiny, izay naverina nadika manontolo ao amin'ny pejy manaraka, dia izao no namehezan'Atoa. Lacy azy: "Ambonin'izany, izaho dia miombon-kevitra tanteraka fa io taratra hazavana niseho eo ambonin'ny loha maka endrika boribory io dia vokatry ny hazavana namely an'ilay porofon-tsary."

Ity sary ity ankehitriny dia tsy azo adika fa voaro, sarin'ny Zavatra ivelan'ny voajanahary anankiray. Ny dika mitovy anankiray Azy ity dia mihantona ao amin'ny iray amin'ireo efitrano malalaka ao Washington, D.C.



William Marrion Branham

George J. Lacy
Mpandinika Antontan-taratasy Mampisalasala
Tranobe Shell
Houston, Texas

29 Janoary, 1950

T A T I T R A S Y H E V I T R A

Antony : Porofon-tsary Mampisalasala

Ny 28 Janoary, 1950 noho ny fangatahan'ny Revera Gordon Lindsay, izay misolotena ny Revera William Branham avy ao Jeffersonville, Indiana, dia naharay avy tamin'ny Douglas Studios ao 1610 Rusk Avenue eto amin'ity tanana ity aho, horonantsary iray 4x5 avy amin'ny fakan-tsary nalaina sy nosasana. Io horonantsary io dia voalaza fa an'ny Revera William Branham izay nalain'ny Douglas Studios tao amin'ny Sam Houston Coliseum eto an-tanàna, nandritry ny fitsidihany teto tamin'ny faran'ny Janoary, 1950.

F A N G A T A H A N A

Nangataka ny Revera Lindsay ny hanaovako fandinihana siantifika an'io porofon-tsary voalaza io. Nangataka izy ny hilazako marina, raha azo atao, na eny na tsia araka ny hevitra fa ny porofon-tsary dia nasiam-panamboarana na "hosoka" teo am-panasana ny sary, ka niteraka taratra hazavana niseho tamin'ny endrika boribory anankiray teo ambonin'ny lohan'ny Revera Branham.

F A N D I N I H A N A

Natao ny fandinihana ara-makroskopika sy mikroskopika ary ny fianarana ny ivelany manontolon'ny lafiny roa an'ilay horonantsary, Horonantsary Eastman Kodak Safety izy io. Ny lafiny roa an'ilay horonantsary dia nodinihina tamin'ny hazavana ultra-violet ary nisy sary infra-rouges koa azo tamin'ilay horonan-tsary.

Ny fandinihana mikroskopika dia tsy nanambara mihitsy ny fanasiam-panamboarana an'ilay horonan-tsary na taiza na taiza tamin'ny alalan'ny fanaovan-javatra fampiasa amin'ny fanamboarana ara-barotra. Ary koa, ny fandinihana mikroskopika dia tsy nanambara mihitsy fisiana fikorontanana teo amin'ny fanomanana azy na nanodidina an'ilay taratra hazavana voalaza.

Ny fandinihana ara-hazavana ultra-violet dia tsy nanambara ny fisiana zavatra hafa, na ny vokatry avy amina fihetsehana ara-simika teo amin'ny lafiny roa an'ilay porofon-tsary, izay mety ho niteraka an'ilay taratra hazavana, taorian'ny fanasana an'ilay porofon-tsary.

Ny sary infra-rouge koa dia tsy nampiseho na inona na inona izay mety haneho fa nisy fanamboarana natao teo amin'ilay horonantsary.

Ny fandinihana koa dia tsy nanambara na inona na inona izay manondro fa ilay porofon-tsary voalaza dia porofon-tsary nakambana na porofon-tsary anankiroa natambatra.

Tsy nisy na inona na inona hita ka hanondro fa ilay taratra hazavana voalaza dia napetaka nandritry ny dingan'ny fanasana azy. Tsy nisy na inona na inona mihitsy akory aza hita ka nanondro fa tsy nosasana tamin'ny fanao mahazatra sy ekena izy io. Tsy nisy na inona na inona hita teo anivon'ny fampitahana hazavana lehibe ka hoe tsy nifanaraka tsara.

HEVITRA

Mifototra amin'io fandinihana sy fianarana voalaza eo ambony io dia miombon-kevitra tanteraka aho fa ilay porofon-tsary natolotra ho dinihina, dia tsy nasiam-panamboarana sady tsy porofon-tsary nakambana ihany koa na natambatra.

Ambonin'izany, izaho dia miombon-kevitra tanteraka fa io taratra hazavana niseho eo ambonin'ny loha maka endrika boribory io dia vokatry ny hazavana namely an'ilay porofon-tsary.

Natolotra am-panajana feno,

[Handwritten signature]

AHOANA NO NAHATONGAVAN'ILAY ANJELY TEO AMIKO

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, notoriana tany am-boalohany tamin'ny teny Anglisy ny Alatsinainy hariva, 17 Janoary, 1955, tao amin'ny Lane Tech High School ao Chicago, Illinois, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo tamin'ny teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny teny Malagasy ity dia natonta sy zarain'ny Voice Of God Recordings. Natonta indray tamin'ny.

MALAGASY


©2013 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS

P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.

www.branham.org

Ahoana No Nahatongavan'ilay Anjely Teo Amiko

 Ary angamba ny rahalahy...Mahita fandraisam-peo maro aho eto ambany eto, ary handray feo an'izao izy ireo, mazava ho azy. Raha toa ka tianareo ny hahalala an'izay tena nolazain'ny Fanahy Masina taminareo, dia jereo ireo rahalahy manana an'ireo fandraisam-peo ireo, azon'izy ireo atao ny mamerina indray ny horonam-peo, dia ho hitanareo izay tena mikasika anareo. Ary diniho ka jereo raha tsy miseho araka ny fomba tena Nilazany azy mihitsy ilay izy, hitanareo. Rehefa renareo voatonona izao “HOY NY TOMPO HOE, ‘Misy zavatra anankiray, na *ity* dia *izao*,’” na hamarino fotsiny izany ka jereo na marina izany na tsia. Hitanareo? Izay foana hatrany ilay izy.

² Ankehitriny, mba hakana lahateny kely anankiray...Ary somary faly ihany aho izao hariva izao fa tsy misy afa-tsy vitsivitsy isika no eto. Mpianakavy isika no eto, sa tsy izany? Isika, na ny iray amintsika aza, tsy misy vahiny. Isika tsy...Afaka mampiasa ny gramerako avy any Kentucky fotsiny aho ka hahatsapa fa tena ao an-tranoko tokoa ankehitriny, satria isika dia—isika ihany no...Ary tsy hoe manambany an'i Kentucky akory aho ankehitriny, raha toa ka misy olona avy any Kentucky eto. Misy olona avy any Kentucky ve eto? Atsangano ny tànana. Tena! Tena hahatsapa ny tenako ao an-tranoko tokoa aho, sa tsy izany? Tena mahafinaritra be izany.

³ Nikarakara kilasimandry ny reniko taloha. Ary nandeha tany aho indray andro mba hijery...Nisy andiana lehilahy kilasimandry maro tao, ary ilay latabatra lehibe, nivelatra lavalava. Ka dia hoy aho, “Firy aminareo eto no avy any Kentucky, mitsangana hoe.” Nitsangana avokoa ny olona rehetra. Dia nankany am-piangonana aho ny

harivan'io, ny fiangonako, dia nanao hoe, "Firy aminareo eto no avy any Kentucky?" Nitsangana avokoa ny olona rehetra. Ka dia hoy aho, "Eny, tena tsara izany." Nanao asa tsara ny misionera, ka dia mankasitraka tokoa isika noho izany.

⁴ Ankehitriny, ao amin'ny Bokin'ny Romana, toko faha 11 ka ny andininy faha 28. Henoy tsara ankehitriny ny famakiana ny Soratra Masina.

Raha ny amin'ny filazantsara dia fahavalo izy noho ny aminareo: fa raha ny amin'ny fifidianana kosa, dia malala izy amin'ny... noho ny amin'ny razana.

Fa ny fanomezam-pahasoavana sy ny fiantsoan' Andriamanitra dia tsy misy hanenenany.

⁵ Ndeha isika hivavaka. Tompo ô, ampio izahay izao hariva izao raha toa ka manatona an'izao am-panajana, miaraka amin'ny fonay rehetra, am-pahatsorana, ho an'ny Voninahitrao irery ihany no hilazana an'ireto zavatra ireto. Ary ampio aho, Tompo ô, ary izay zavatra tokony ho voalaza ihany no ataovy ao an-tsaiko sy ny hoe firy no holazaina. Ajanony aho rehefa tonga ny Fotoanao. Mangataka aho mba ny fo tsirairay no handray an'ireto zavatra ireto ho tombony ho an'ny marary sy manan-javatra ilaina eto amin'ireto mpihaino ireto. Fa mangataka izany amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy aho. Amena.

⁶ Ankehitriny, tiako ny handray an'izao loha-hevitra izao raha mbola vitsivitsy isika. Ary—ary hiezaka ny tsy hitazona anareo ela aho, fa ho apetrako eto ny famataranandroko ary hanao izay azoko atao indrindra aho ankehitriny ka handefa anareo hivoaka amin'ny fotoana mety mba hahafahanareo miverina indray rahampitso hariva. Ankehitriny, mivavaha. Heveriko fa tsy nizara karatra akory ny zanakolahy. Tsy nanontany azy mihitsy aho raha toa izy ka...Ka raha tsy nizara izy na raha toa ka nizara izy na tsy nizara, tsy mampaninona. Manana karatra isika ato na manao

ahoana na manao ahoana raha ilaintsika ny hiantso sasantsasany. Fa, raha tsy izay, eny, ho hitantsika fotsiny izay ho lazain'ny Fanahy Masina.

⁷ Ankehitriny, raha hihaino tsara ianareo...Ankehitriny, angamba ity...satria aho dia...Fa vitsy amintsika ihany no eto, koa izao no fotoana tsara hilazana an'izao, satria ity—ity dia mikasika ny fiainako manokana. Ary izay no antony namakiako an'io Soratra Masina io izao hariva izao, mba ahafahanareo mahita fa ny fanomezam-pahasovana sy ny fiantsoana dia tsy hoe zavatra natao ho mendrika an'iza na iza.

⁸ Miteny i Paoly eto, nanao hoe, “Ireo Jiosy, raha ny amin'ny Filazantsara, dia nohajambaina sady lavitra an'Andriamanitra, ary izany, dia noho ny amintsika.” Saingy ny andininy alohan'io, dia nilaza hoe, “Ho vonjena avokoa ny Isiraely rehetra.” Ho vonjena avokoa ny Isiraely rehetra. Raha ny amin'ny fifidianana, dia nitia azy ireo Andriamanitra ilay Ray sady nanajamba azy ireo mba hananantsika Jentilisa anjara ankehitriny amin'ny fibebahana, mba, amin'ny alalan'i Abrahama, hahafahan'ny Taranany hitahy ny tany rehetra araka ny Teniny. Hitanareo ve hoe tahaka ny ahoana ny fahambonin'Andriamanitra? Tsy maintsy tanteraka fotsiny ny Teniny. Tsy mety ho zavatra hafa ankoatr'izay Izy. Ary ankehitriny isika, tamin'ny...Andriamanitra no nifidy antsika; nifidy ny Jiosy Izy; ary Izy no...

⁹ Ireo rehetra ireo dia ilay fahalalana mialoha an'Andriamanitra avokoa. Rehefa Nambarany tamin'ireo izay hitranga, dia efa Fantany mialoha izany. Ankehitriny, Andriamanitra, amin'ny maha-Andriamanitra azy, tany amin'ny fiandohana dia efa tsy maintsy Fantany ny fiafarana fa raha tsy izany dia tsy ho Andriamanitra tsy manam-petra Izy. Tsy sitrak'Andriamanitra ny hahafaty ny olona rehetra. Tsia dia tsia tokoa! Tsy Tiany ho faty ny olona rehetra. Saingy tany amin'ny fiandohan'ny fiandohan'ny andro, izao—izao tontolo izao, dia efa fantatr'Andriamanitra marina hoe iza no ho voavonjy ary iza no tsy ho voavonjy. Tsy Tiany ho very ny olona, “Tsy Sitrapony ny hahavery ny tsirairay, fa ny Sitrapony dia ny hamonjy

ny olona rehetra,” saingy efa Fantany hatramin’ny voalohany hoe iza no ho voavonjy ary iza no tsy ho voavonjy. Izay no antony Nilazany mialoha, “*Ity* no zavatra hitranga. *Izao* no zavatra hitranga,” na, “*Ity* ho toy *izao*. *Ity* olona ity ho toy *izao*.” Hitanareo?

¹⁰ Fantany mialoha izany satria tsy manam-petra Izy. Raha fantatrareo ny dikan’izany, dia izao fotsiny izany, “tsy misy zavatra izay tsy Fantany.” Hitanareo, Fantany. Eny, tsy misy na inona na inona tonga talohan’ny fotoana, ary aorian’izay koa dia tsy misy fotoana intsony, hitanareo, Fantany hatrany foana ny zavatra rehetra. Ny zavatra rehetra dia ao An-tsainy. Ary izay no voalazan’i Paoly ao amin’ny Romana, amin’ny tokoa faha 8 sy ny faha 9, “Koa nahoana Izy no manome tsiny ihany?” Ka dia hitantsika izany, fa Andriamanitra . . .

¹¹ Tahaka ny mitory ny Filazantsara. Misy nanao hoe, “Rahalahy Branham, mino an’Io ve ianao?”

Hoy aho hoe, “Jereo.”

Hoy izy hoe, “Kalvinista mihitsy angamba ianao ity.”

Hoy aho hoe, “Kalvinista aho raha mbola ao anatin’ny Baiboly foana ny Kalvinista.”

¹² Ankehitriny, misy sampany iray eo amin’ily Hazo, ny Calvinisma izany, saingy misy sampany maro ihany koa anefa eo amin’ny Hazo. Manana sampana mihoatra ny iray ny hazo. Tiany fotsiny ny hampitohy an’izany tao anatin’ily Fiarovana Mandrakizay, ary fotoana fohy aty aoriana fotsiny dia mivily lâlana indray ho tonga any amin’ily hoe Maneran-tany ary dia lasa mievaeva fotsiny any ho any indray ianareo avy eo, tsy misy fiasarany intsony ilay izy. Saingy rehefa tonga eo amin’ny faran’ny Calvinisma kosa ianareo, dia miverena ka manomboha eo amin’ny Arameanisma. Hitanareo, misy sampana iray hafa indray eo amin’ily Hazo, dia sampana iray hafa indray koa eo amin’ily Hazo, tohizo hatrany fotsiny. Fa io rehetra io mitambatra no manome ny Hazo. Noho izany aho dia mino ny—ny ao amin’ny . . .ny Calvinisma raha toa ka mbola mitoetra ao anatin’ny Soratra Masina foana izany.

¹³ Ary izaho dia mino fa Andriamanitra dia efa nahalala talohan'ny nanorenana an'izao tontolo izao, nifidy ny Fiangonany tao amin'i Kristy, ary nanao an'i Kristy ho efa voavono talohan'ny nanorenana an'izao tontolo izao. Iza no nolazain'ny Soratra Masina, "Izy ilay Zanak'ondrin'Andriamanitra izay voavono hatramin'ny nanorenana an'izao tontolo izao." Hitanareo? Ary Jesosy nilaza fa efa nahafantatra antsika Izy talohan'ny nanorenana an'izao tontolo izao, i Paoly nilaza fa, "Izy—Izy no nahafantatra antsika sy nanendry antsika amin'ny fananganan'anaka amin'ny alàlan'i Jesosy Kristy fony mbola tsy ary izao tontolo izao. Izany Andriamanitra. Izany no Raintsika. Hitanareo?"

¹⁴ Noho izany dia aza miahiahy ianareo, tena mihodina tsara ilay kodia, tonga amin'ny fotoany fotsiny ny zavatra rehetra. Ny hany tokana ilaina, dia izao, midira ao amin'ilay fihodinana. Ary izay no—izay no ampahany tsara momba azy io, amin'izay fotoana izay dia ho fantatrareo hoe ahoana no fiasana rehefa tafiditra ao amin'ilay fihodinana ianareo.

¹⁵ Ankehitriny, mariho ankehitriny, "Ny fanomezam-pahasovana tsy misy hanenenany," izay no fomba tokana izay nahafahako—nahafahako nametraka ara-tSoratra Masina ny antsoko ao amin'ny Tompo. Ary matoky fa miaraka amina sakaiza aho izao hariva izao izay azo antoka fa hahazo an'izao ka tsy hihevitra fa hoe zavatra avy amin'ny tenako manokana izany, fa mba hanananareo fahalalana ka nahafantatra izay—izay efa nolazain'ny Tompo fa Hataony, sy hahita hoe aiza no misy an'ilay fihetsehana ary miditra manaraka azy avy eo.

¹⁶ Ankehitriny, tamin'ny voalohany, ny zavatra voalohany mba tsaroako indrindra dia fahitana anankiray. Ny zavatra voalohany tsaroako ato an-tsaiko dia fahitana anankiray nomen'ny Tompo ahy. Ary taona maro, taona maro lasa izany, mbola zazalahy kely aho tamin'izany. Ary nisy vato anankiray tety an-tànako.

¹⁷ Ankehitriny, mamela ahy ianareo, tsaroako foana ilay izaho nanao akanjo lava. Tsy fantatro ianareo

raha (raha misy aminareo eto) efa mahazo taona ka mahatsiaro ny fotoana nanaovan'ny ankizilahikely an'ireny akanjo lava ireny taloha. Firy eto no mahatsiaro ny fotoana nanaovan'ireo ankizikely, eny, akanjo lava? Eny, tsaroako, fa tao amin'ilay tranohazo keliko fahiny izay nipetrahanay, nandady teo amin'ny gorodona aho. Ary indro nisy olona anankiray, tsy fantatro hoe iza izy io, niditra. Ary i Neny nanjaitra tapa—tapa-damba kely mangamanga teo amin'ny akanjoko. Zara raha mba afa-namindra aho tamin'izany. Saingy nandady aho tamin'izany, ary napetako tamin'ilay ranomandry teo amin'ny tongony ny rantsa-tànako, dia nohaniko ilay ranomandry teo amin'ny tongony izay nitsangana teo akaikin'ny fatana, naka hafanana. Tsaroako ny reniko nisintona ahy tampoka niala teo.

18 Ary ny zavatra tsaroako manaraka, mety ho roa taona taty aorian'io, nanana vatokely aho. Fa tokony ho telo taona teo ho eo aho, ary ilay zandriko lahikely angamba mbola tsy ampy roa taona akory. Ary tamin'izany izahay dia tany ivelan'ny tokontany izay nisy an'ilay tokontany fitsofàna hazo izay nitondran'izy ireo hazo fahiny sy nitsofàna hazo. Firy no mahatadidy an'ireny andro izay nisintonana ny hazo ho ao ambadiky ny tokontany ireny fahiny mba hitsofàna azy? Nahoana àry aho no manao karavaty izao hariva izao? Tena—tena ato an-tranoko mihitsy aho.

19 Tamin'izay fotoana izay izy ireo . . . Teny ivelan'ilay tokontany tranainy fitsofàna hazo dia nisy lakan-drano kely nikoriana, izay avy amina loharano. Nanana fanovozana tranainy izahay tany teo amin'ilay loharano izay fakànay rano ary ataonay ao anaty siny tranainy izany, siny sedera tranainy, dia entinay izany.

20 Tsaroako ny fotoana farany nahitako an'ilay renibeko kely, efa antitra talohan'ny nahafatesany, folo amby zato taona izy tamin'izany. Ka rehefa ho faty izy, dia nataoko teto an-tànako izy ary notazoniko tahaka an'izao talohan' ny nahafatesany mihitsy. Napetrany nanodidina ahy ny tànany, dia hoy izy hoe, “Andriamanitra anie hitahy ny fanahinao, ry malalako, ankehitriny ka ho mandrakizay,” rehefa ho faty izy.

²¹ Ary ataoko fa tsy mba nanana ki—kiraro ho azy mihitsy io vehivavy io, teo amin'ny fiainany. Ary tsaroako fa nandinika azy aho, eny na dia mbola tanora aza aho tamin'izany, dia nandeha namangy azy ireo tany aho, mifoha izy isa-maraina, tsy nanao kiraro, ary nandeha nanivatsiva an'izato ranomandry hankeo amin'ilay loharano, maka rano iray siny dia miverina, ny tongony tao anatin'izany. Koa tsy mampaninona anareo izany, fa velona hatrany amin'ny folo amby zato taona izy. Noho izany (eny, tompoko) izy dia tena, tena natanjaka, mihitsy koa.

²² Ary tsaroako ihany koa fa niresaka tamiko ny amin'ireo kanety nolalaovin'ny raiko fony fahazazany izy. “Ary ity antitra mampalahelo,” hoy aho nieritreritra, “ahoana no hahavitany hiakatra eo amin'io efitrano fitehirizam-bokatra ambony be io?” Fa kely, trano tranainy nisy efitra roa ilay izy, ary nisy efitrano fitehirizam-bokatra ny tany amboniny. Ary nanana hazo voatapaka anankiroa izy ireo, sy tohatra iray, hiakarana. Eny, hoy aho...

²³ Eny, ankehitriny, hoy izy hoe, “Izao, ao aorian'ny sakafo hariva dia holazaiko anao, hasehoko anao ireo—ireo kanetin'ny dadanao.”

Ary hoy aho, “Tsara izany.”

²⁴ Dia lasa izy hampiseho ahy an'ireo, tao anaty vata fametrahan'entana iray tany ambony izay nametrahany an'ireo fananany tahaka ny fanaon'ny olona fahiny. Dia hoy aho hoe, “Ahoana koa no hahafahan'io antitra mampalahelo io hiakatra an'io tohatra io?” Dia nanantona teo aho ka nanao hoe, “Bebe ah,” hoy aho, “ankehitriny, andraso, ry malala, fa hiakatra eto aho ary hanampy anao.”

²⁵ Hoy izy hoe, “Mikisaha ianao.” Tahaka ny vonsira no niakarany tamin'ilay tohatra. Hoy izy hoe, “Ka, avia aty ary é!”

Dia hoy aho hoe, “Eny àry, Bebe ah.”

²⁶ Dia nieritreritra aho hoe, “Oh, izaho, raha mba mety ho tahaka an' izao manty aho, izao hery be izao ato amiko na dia efa any amin'ny folo amby zato taona any aza!”

27 Ankehitriny, avy eo tsaroako rehefa teo amin'io loharano tranainy kely io aho, ary nanana vatokely ka natsipiko toy izao, tao amin'ny fotaka, te-hampiseho tamin'ny zandriko lahikely hoe toy ny inona ny fahatanjahako. Ary nisy vorona anankiray nipetraka teo ambony hazo nisiotsioka teo, nisidintsidina, mena-tratra antitra kely anankiray na zavatra hafa tahaka an'izay. Ary, ilay mena-tratra kely, dia noheveriko fa niresaka tamiko. Dia nitodika aho ka nihaino, ary lasa nanidina ilay vorona, ary nisy Feo nanao hoe, "Ianao dia handany ny ampahany betsaka eo amin'ny fiainanao any akaikin'ny tanàna anankiray antsoina hoe New Albany."

28 Maily telo miala eo amin'ilay toerana nampakarana ahy izany. Lasa izahay, herintaona teo ho eo taty aoriana, nankany amin'ilay toerana, nefa tsy nanana eritreritra mihitsy ny ho any...New Albany. Nandritry ny androm-piainako rehetra, ahoana ireo zavatra ireo...

29 Ankehitriny, jereo, ny fianakaviako dia tsy mpivavaka. Tsy niditra am-piangonana ny raiko sy ny reniko. Talohan'izany, dia Katolika izy ireo.

30 Ny zana-drahalahiko mipetraka eto any ho any izao hariva izao, angamba, tsy fantatro. Miaramila izy io. Mivavaka ho azy aho. Izy koa aza dia Katolika ny, mijanona ho Katolika. Ary tamin'ny omaly hariva, rehefa teto izy ka nahita an'ireo zavatra nataon'Andriamanitra, nitsangana teo amin'ny lampihazo mihitsy izy. Hoy izy, nitsangana teo, ka niteny hoe, "Dadatoa Bill?" Tany ampitan-dranomasina tany izy nandritry ny fotoana ela, hoy izy hoe, "Rehefa nahita an'izao aho..." Hoy izy, "Io—io dia tsy mba mitranga any amin'ny fiangonana Katolika." Hoy izy hoe, "Izany...Izaho—izaho dia mino, ry Dadatoa Bill, fa marina ny anao," hoy izy.

31 Ka dia hoy aho, "Ry malala, tsy hoe *izaho* no marina, fa Izy no manana ny marina. Hitanao, *Izy* no manana ny marina." Ary dia hoy izy hoe izy...Hoy aho hoe, "Ankehitriny, tsy mangataka anao hanao na inona na inona aho, ry Melvin, afa-tsy ny hanompo

an'i Jesosy Kristy Tompo fotsiny amin'ny fonao rehetra. Mandehana amin'izay tianao aleha. Saingy aoka kosa ianao hanana antoka fa ao am-ponao dia nateraka indray Jesosy Kristy, hitanao, ao am-ponao. Amin'izay fotoana izay ianao dia mandehana any amin'izay fiangonana tianao aorian'izany."

³² Eny, ireo fianakaviana teo alohako dia Katolika. Ny raiko dia Irlandais ary ny reniko dia Irlandaise. Ny fahatapahana tokana dia tao amin'ilay rà Irlandais, ny renibeko dia Indiana Cherokee. Ny reniko dia saika efa metisy. Ary noho izany aho...raha ny amiko, izany no...ny taranakay, raha mbola nisy fahatelo dia tena ho voafafa. Fa izay ihany no hany tokana nanapaka ilay maha-tena Irlandais iringiriny, Harvey sy Branham no anarana. Ary talohan'izany dia nisy hoe Lyons, izay mbola Irlandais ihany koa. Ary Katolika avokoa izy rehetra ireo. Fa ny amiko, tsy nanana fanabeazana na fampianarana ara-pivavahana izany mihitsy izahay, raha mbola zaza.

³³ Fa ireny fanomezam-pahasoavana ireny, ireny fahitana ireny, nahita fahitana aho tamin'izany tahaka izao hitako ankehitriny izao mihitsy, marina izany, satria ny fanomezam-pahasoavana sy ny fiantsoana dia tsy misy hanenenany. Fahalalana mialoha an'Andriamanitra izany, Andriamanitra manao zavatra. Tamin'ny androm-piainako rehetra dia natahorako ny niresaka zavatra nikasika an'izany.

³⁴ Namaky ny tantarako ianareo tao amin'ilay boky kely nantsoina hoe *Jesosy Kristy No Tsy Miova Omaly, Anio, Ary Mandrakizay*. Ataoko fa ao anatin'ny sasantsasany amin'ny boky izany, ireto hafa ireto. Tsy marina ve izany, ry Gene? Ao anatin'ity ve izany, ilay mahazatra—ilay boky mahazatra, ao amin'ilay—ao amin'ilay boky ananantsika ankehitriny? Ilay, *Tantaram-Piainana* ve ity? Ataoko fa izy ity. Koa isika rehefa nanana...Tsy mahataitra ve izany? Bokiko mihitsy, nefa tsy mbola novakiko mihitsy izy ireny, izaho manokana. Nefa dia olon-kafa no nanoratra azy ireo, fa dia zavatra nalainy tao amin'ny fivoriana

fotsiny ireny. Efa avy nolalovako izany, noho izany dia mitady zavatra hafa hitranga foana aho isan'andro. Koa, noho izany, tsara izy ireny, efa nahavaky ampahany maro tamin'izany aho izao, eto dia etsy, isaky ny mba mahita irika aho.

³⁵ Ary ankehitriny, na manao ahoana na manao ahoana, fony—fony mbola zazalahikely, fantatrareo ny nolazain'ilay fahitana tamiko, fito taona teo aho tamin'izany, izay niteny hoe, “Aza misotro na mifoka na mandoto ny tenanao na amin'inona na amin'inona, hisy asa iray ho anao hataonao rehefa lehibe ianao.” Ary efa renareo voalaza ao anatin'ilay boky izany. Eny, marina izany. Hatramin'izay dia nitranga hatrany izany.

³⁶ Rehefa lasa mpitoriteny aho, eny, avy eo izany—avy eo izany dia tena nanomboka nitranga marina amin'izay nandritry ny fotoana rehetra.

³⁷ Ary indray alina aho dia nahita an'i Jesosy Tompontosika. Milaza an'izao aho miaraka amin'ny alàlana, mino aho, avy amin'ny Fanahy Masina. Ilay Anjelin'ny Tompo izay tonga teo amiko dia tsy ny Tompo Jesosy tsy akory. Tsy nitovy endrika Taminy izy io araka an' io fahitana teo io. Satria, ilay fahitana hitako avy tamin'i Jesosy Tompo, dia Lehilahy fohy Izy io. Izy dia tsy...Tany ivelany tao an-tsaha aho, nivavaka ho an'ny raiko. Dia niverina aho ary nankeny am-pandriana, ary tamin'io alina io dia nijery azy aho ka nanao—nanao hoe, “Andriamanitra ô, vonjezo izy!”

³⁸ Efa voavonjy ny reniko ary izaho no nanao batisa azy. Avy eo dia nieritreritra aho hoe, “Oh, misotro loatra ny dadako.” Dia nieritreritra aho hoe, “Raha mba voatariko hanaiky an'i Jesosy Tompo fotsiny mantsy izy!” Dia nivoaka aho, nitsotsotra teo amin'ilay fandriana tranainy tao amin'ilay efitrano anoloana, akaikin'ny varavarana.

³⁹ Ary nisy Zavatra nilaza tamiko hoe, “Mitsangàna.” Dia nitsangana aho, nandehandeha, dia niverina tany amin'ilay saha tao aoriako, sahan' anjavidy tranainy anankiray.

⁴⁰ Ary teo, nitsangana tsy mihoatry ny dingana folo niala teo amiko, nisy Lehilahy anankiray; nanao fitafiana fotsy, Olona fohy; nakombony toy *izao* ireo Sandriny; misy volombava, somary fohifohy; ny volo nilatsaka teo An-tsorony; ary nijery ny ilany avy taty amiko taty Izy, toy *izao*; tsanganana iray tia fihavanana. Saingy tsy azoko ilay izy, nahoana ireo Tongony, ny anankiray tena eo alohan' ny anankiray mihitsy. Ary nisy rivotra nitsoka, nihetsika ny Akanjony, nihofahofa ny anjavidy.

⁴¹ Nieritreritra aho hoe, “Eny, andraso kely aloha.” Nokakeriko ny tenako. Hoy aho hoe, “Eny, tsy matory aho tsy akory.” Dia nanongotra aho, nanongotra singany iray tamin'ilay anjavidy aho, fantatrareo, naka azy toy ny misy fisokira-nify ao anatin'ny. Nataoko teo am-bava izany. Nijery nanandrify ny trano aho. Hoy aho hoe, “Tsia, fa nivavaka ho an'i dada aho teo tery, dia nisy Zavatra niteny tamiko hivoaka eto, ary eto no mitsangana ity Lehilahy ity.”

⁴² Nieritreritra aho hoe, “Mitovy amin'i Jesosy Tompo ilay izy io.” Nieritreritra aho hoe, “Manontany tena aho hoe izany ve izy io?” Nijery marina tokoa Izy, nanandrify avy hatrany tamin'ilay toerana misy ny tranonay ankehitriny. Dia nifindra tetsy amin'ny ilany aho mba ahitako raha mety hahita Azy aho. Ary afaka nahita ny Endriny tahaka izany aho. Saingy Izy...Voatery nihodina tanteraka tahaka an'*izao* aho mba ahitako Azy. Ary hoy aho hoe, “Mmm!” Tsy nihetsika mihitsy Izy. Dia hoy aho hoe, “Mino aho fa ho hantsoiko Izy.” Dia hoy aho hoe, “Jesosy.” Ary rehefa Nataony izany, nijery nihodina toy *izao* Izy. Izay ihany no tsaroako, nanatsotra ny Tànan'ny fotsiny Izy.

⁴³ Tsy misy artista eto amin'*izao* tontolo *izao* afaka hanao ny Sariny, ireo soritry ny Tavany. Ny tsara indrindra mba hitako dia ilay Lohan'i *Kristy tamin'ny Faha-Telo Amby Telopolo Taonany* an'i Hofmann, apetrako eo amin'ny taratasy sy izay zavatra rehetra ampiasaiko izy io. Satria noho ilay izy tena mitovy, ary noho izany...na tena mifanakaiky, tena mifanakaiky indrindra amin'ilay izy.

44 Izy (Lehilahy iray) dia toy ny hoe raha vao Miteny dia hifarana izao tontolo izao, nefa tena feno fitiavana sy fahatsaram-panahy loatra ka ianareo—ianareo...Tena nilofika fotsiny aho. Ary tamin'ny fiposahan'ny andro, dia hitako ny tenako tao amin'ilay vao mangiran-dratsy iny indrindra, ny akanjo mandriko kotsan-dranomaso, rehefa nahatsiaro tena aho, nandeha, niverina nandalo tamin'ilay sahan'anjavidy, dia nody.

45 Nolazaiko tamina mpitoriteny anankiray sakaizako izany. Hoy izy hoe, “Ry Billy, hahalasa adala anao Izany.” Hoy izy hoe, “Ny Devoly izany.” Hoy izy hoe, “Aza mety ho fitahin'ny zavatra tahaka an'izany ianao.” Mpitoriteny Batista aho tamin'izany fotoana izany.

46 Koa, nandeha tany amin'ny sakaizako fahiny anankiray hafa indray aho. Nipetraka aho dia notantaraiko azy ny momba an'ilay Izy. Hoy aho hoe, “Rahalahy, ahoana no hevitrao momba an'Izany?”

47 Hoy izy, “Eny, ry Billy, hilaza aminao aho.” Hoy izy, “Inoako fa raha hiezaka hiambina ny fiainanao ianao, hitory fotsiny an'izay ato anatin'ity Baiboly eto ity, ny fahasoavan'Andriamanitra sy ny sisa, dia tsy hanaraka zavatra tsy dia marina tahaka an'izany aho, zavatra tahaka an'izany.”

48 Hoy aho hoe, “Tompoko, tsy handeha hanaraka zavatra tsy dia marina toy izany no tiako holazaina.” Hoy aho hoe, “Ny zavatra tokana ezahako ho hita fotsiny dia hoe inona io.”

49 Hoy izy hoe, “Ry Billy, efa taona maro lasa izay dia nahazo an'izany zavatra izany ny tao amin'ny fiangonana taloha. Saingy,” hoy izy, “rehefa nitsahatra ireo apostoly, dia nitsahatra niaraka tamin'izay koa izany.” Dia hoy izy hoe, “Ankehitriny ny zavatra tokana hany ananantsika dia...fa izay karazana fahitana an'izany zavatra izany,” hoy izy, “dia fanahy hafahafa izany, demonia.”

Hoy aho hoe, “Rahalahy McKinney ô, izany ve no tianao ho lazaina?”

Hoy izy hoe, “Eny, tompoko.”

Hoy aho hoe, “Andriamanitra ô, mamindra fo amiko!”

⁵⁰ Hoy aho hoe, “Izaho—izaho... Oh, ry Rahalahy McKinney, hiaraka—hiaraka hivavaka amiko ve ianao mba tsy hamelan’Andriamanitra an’izany ho tonga amiko mihitsy? Fantatrao fa tia Azy aho sady tsy tiako ny ho diso amin’ireto zavatra ireto.” Hoy aho hoe, “Mivavaha ianao miaraka amiko.”

⁵¹ Hoy izy hoe, “Eny, ry Rahalahy Billy.” Ka dia nivavaka teo no ho eo izahay teo—tao amin’ny presbitera.

⁵² Nanontany mpitoriteny maro aho. Zavatra mitovy ihany no azo. Noho izany dia nampatahotra ahy ny nanontany azy ireo, satria nihevitra izy ireo fa devoly aho. Nefa izaho—izaho tsy te-ho toy izany. Fantatro tato am-poko fa nisy zavatra nitranga. Koa, izay ihany, nisy—nisy zavatra nitranga tato am-poko. Ary tsy tiako ny ho toy izany, sanatria.

⁵³ Koa taona maro taty aoriana, dia nandre aho indray andro tao amin’ny fiangonana Batista Voalohany izay naha-mpikambana ahy tamin’izany fotoana izany, nandre olona nilaza aho hoe, “Eh, tokony nandeha tany ianao dia nandre an’ireo holy-rollers [Ireo masina mitsikasikasina amin’ny tany—Mpand.] ireo omaly alina.”

⁵⁴ Dia nieritreritra aho hoe, “Holy rollers?” Ary ilay sakaizako, Walt Johnson, mpihira mpanao beso, dia hoy aho hoe, “Inona izany, ry Rahalahy Walt?”

Hoy izy hoe, “Andiany iray amin’ireo Pentekotista izany.”

Hoy aho hoe, “Inona an?”

⁵⁵ Hoy izy hoe, “Ireo Pentekotista!” Hoy izy hoe, “Ry Billy, raha mba hitanao izany,” hoy izy, “mitsikasikasina amin’ny tany izy ireo sady mitsambikina ambony ambany.” Dia hoy izy hoe, “Milaza izy ireo fa tsy maintsy minananana amin’ireny karazana fiteny tsy fantatra ireny izy ireo fa raha tsy—tsy izany dia tsy voavonjy.”

Dia hoy aho hoe, “Aiza no misy an’izany?”

56 “Oh,” hoy izy, “fivoriana kely anankiray ao anatina trano lay any izany, ao ambadik'i Louisville.” Hoy izy hoe, “Olona mainty hoditra, mazava ho azy.”

Dia hoy aho, “Ha-hay.”

Dia hoy izy hoe, “Maro ihany ny fotsy hoditra ao.”

Hoy aho hoe, “Manao an'izany ihany koa, ve ireo?”

Hoy izy, “Eny, eny! Manao an'izany ihany koa, ireo.”

57 Hoy aho hoe, “Mba mahatsikaiky izany, dia manaiky ho tratry ny karazan-javatra toy izany ny olona.” Hoy aho hoe, “Eny, ataoko fa tsy maintsy hahazo antsika izany zavatra izany.” Alahady maraina io, tsy ho hadinoiko mihitsy izany. Nihinana hodim-boasary maina izy tamin'izany noho ny tsy fahalevonan-kanina nahazo azy, ary toy ny vao omaly mihitsy no ahitako an'izany. Dia nieritreritra aho hoe, “Minananana, mitsambikina, fa karazana fivavahana inona no ho azon'izy ireo amin'ny manaraka?” Ary dia—dia lasa aho.

58 Fotoana vitsy taorian'izany, nifanena tamin'ny lahy antitra anankiray aho izay ato am-piangonana angamba izy izao, na tato amin'ny fiangonana izy taloha, tamin'ny anarana hoe John Ryan. Ary nifanena taminy tamina toerana anankiray aho... Sakaiza fahiny anankiray lava volombava sy volo, ary eto angamba izy. Ataoko fa avy any Benton Harbor tsy lavitra eto izy, ao An-tranon'i Davida.

59 Nanana toerana anankiray izy ireo tao Louisville. Niezaka aho nitady an'ireo olona ireo, fa nantsoin'izy ireo hoe Sekolin'ireo Mpaminany izany. Koa dia nieritreritra aho hoe handeha ho any aho dia hijery hoe inona izany. Eny, tsy nahita na iza na iza nitsikasikasina tamin'ny tany izany aho, saingy nanana fampianarana hafahafa kosa izy ireo. Ary teo no nifanenako tamin'io lahy antitra io, dia nanasa ahy izy ho tonga any amin'ny toerany.

60 Nandeha aho mba hiala sasatra. Ary tany aho indray andro, dia niverina tany an-tranony indray saingy tsy tao izy, fa lasa nankany Indianapolis. Hoy ny vadiny hoe, “Nantsoin'ny Tompo izy.”

Hoy aho hoe, “Ny tianao lazaina ve hoe navelanao handeha toy izany fotsiny izany lehilahy izany?”

⁶¹ Hoy izy, “Oh, mpanompon’Andriamanitra izy!” Mampalahelo fa herinandro vitsivitsy lasa izay no maty izy io, reko. Fa tena nahafoy tena ho azy tokoa izy io. Oadray, izany no karazana vady tokony hananana! Marina izany. Na marina izy na diso, dia marina foana izy na ahoana na ahoana! Hoy aho... Eny, fantatro izy ireo fa...

⁶² Ankehitriny izy... Rahalahy Ryan, eto ve ianao? Tsy eto izy. Teto izy indray andro, tsy izany ve, rahalahy?

⁶³ Eny, niaina fotsiny tamin’izay mba azony izy ireo, ka tsy nanana na inona na inona nohanina tao an-trano. Marina izany. Ary nahazo trondro vitsivitsy avy tao amin’ny dobo anankiray aho, na farihy anankiray, tany Michigan, dia niverina aho—dia niverina tany an-toerana aho. Tsy mba nanana na dia jabora akory aza izy ireo tao an-trano, na menaka mandry, handrahoina an’ilay trondro. Dia hoy aho hoe, “Nilaozany ianao nefa tsy misy na inona na inona ato an-trano?”

Hoy izy hoe, “Oh, saingy mpanompon’Andriamanitra izy, ry Ranadahy Bill!” Hoy izy hoe, “Izy...”

⁶⁴ Dia nieritreritra aho hoe, “Eny, hotahiana anie ny fonao antitra. Ry rahalahy, hitsangana hanohana anao aho.” Marina izany. “Raha mieritreritra zavatra tsara marobe ny amin’ny vadinao ianao, dia vonona aho ny hiaraka aminao sy hanohana anao ny amin’izany.” Marina izany. Mila vehivavy maro tahaka izany isika ankehitriny, sy lehilahy maro mihevitra ny vadiny tahaka izany. Marina izany. Ho Amerika tsaratsara kokoa raha mba afa-miaraka toy izany ny lahy sy ny vavy. Na marina na diso, miaraha mitoetra aminy. Tsy hisy fisaraham-panambadiana betsaka.

⁶⁵ Koa na—nandeha izahay... Avy teo dia lasa aho. Ary teny an-dàlana hody, dia nisy zavatra hafahafa, nandalo tao Mishawaka aho. Ary nahita fiara—fiarakely tranainy teo aho, nijanona teo amin’ny làlana, nantsoina... nisy sora-baventy teo amin’izy ireo nanao hoe, “Jesosy Irery.” Nieritreritra aho hoe, “Inona

no . . . ‘Jesosy Irery,’ tsy maintsy momba ny fivavahana izany.” Ary nandeha teny aho ka indreo nisy bisikileta nisy an’izao teo aminy, “Jesosy Irery.” Fiara Cadillacs, Model-T Fords, ny zavatra rehetra, “Jesosy Irery” teo amboniny. Nieritreritra aho hoe, “Eny, manontany tena aho hoe inona izany?”

⁶⁶ Ka dia narahiko ilay izy; farany, fivoriana ara-pivavahana ilay izy, olona diman-jato sy arivo na roa arivo no teo. Dia nandre azy rehetra teo nihiaka mafy sy nitsambikina ambony ambany aho, ary tena tsy an-kijanona izany. Dia nieritreritra aho hoe, “Indro, eto no hahitako hoe inona izany holy-rollers izany.”

⁶⁷ Fa nanana an’ilay Ford tranainiko aho, fantatrareo, izay efa nolazaiko fa manao telopolo mailly isan’ora, dimy ambin’ny folo mankaty amin’ity ary dimy ambin’ny folo avy any ambony mankany ambany mankaty amin’ity lalana ity. Ka dia naka toerana teo amin’ny sisiny aho, izaho . . . rehefa nahita toerana hijanonana aho, dia nandeha an-tongotra nidina tamin’ilay lalana. Niditra aho, nijery nanodidina, ary nitsangana ny olona rehetra izay afaka nitsangana. Voatery nijery avy teo ambonin’ny lohan’izy ireo aho. Ary nihiaka izy ireo, dia nitsambikina, dia nianjera, dia tsy nisy fijanonany. Nieritreritra aho hoe, “Ohay, hmm, mba karazan’olona inona ary ity!”

⁶⁸ Nefa arakaraky ny nijanonako teo, no nahazoako aina. Nieritreritra aho hoe, “Toa ohatry ny tsara izy izany.” Nieritreritra aho hoe, “Tsy misy na inona na inona ratsy amin’ireto olona ireto. Tsy adala ireo.” Niresaka tamin’ny sasany tamin’izy ireo aho, fa izy ireo—izy ireo dia olona mahafinaritra. Dia hoy aho . . .

⁶⁹ Eny, ankehitriny, io no fivoriana izay natrehako sy nijanonako nandritry ny hariva manontolo tamin’io alina io, ary ny ampitso dia niverina tany aho. Ary efa renareo niteny an’io aho tao amin’ilay tantaram-piainako. Teo amin’ny lampihazo aho tamin’izay, niaraka tamin’ny mpitoriteny dimam-polo amby zato, na roan-jato, ary mihoatra angamba, ka nilain’izy ireo hitsangana ny tsirairay sady hilaza izay

nihaviany. Dia hoy aho hoe, “Evanjelista William Branham, Jeffersonville,” dia nipetraka, “Batista,” dia, nipetraka. Nilaza izay nihaviany ny tsirairay.

⁷⁰ Koa ny ampitso maraina rehefa tonga teo aho...Natory tany an-tsaha aho nandritry ny alina manontolo tamin’izany alina izany, notsindriko teo anelanelan’ny seza anankiroa an’ilay Ford ny patalohako, fantatrareo, ary izaho—izaho...pataloha tranainy manify misoratsoratra, akanjokely, fantatrareo. Dia nankao amin’ny fivoriana aho ny ampitso maraina, nanaovako ilay akanjokely. Nandeha aho...

⁷¹ Tsy nanana afa-tsy telo dolara aho, ary izaho tsy maintsy manana solika ampy hodiana any an-trano. Ary teo aho—dia nividy mofo kely aho, somary efa mafy kely, fantatrareo, nefa tena tsara aho. Nandeha naka rano aho, naka rano iray vera, fantatrareo, ary tena tsara ilay izy. Koa dia nalonako kely tao io, dia nisakafo maraina.

⁷² Eny, azoko natao ny nihinana niaraka tamin’izy ireo, ankehitriny, nihinana indroa isan’andro izy ireo. Saingy tsy afaka nanao fanatitra mihitsy ny tenako, noho izany tsy—tsy tiako ny niankina tamin’izy ireo ahazoana sakafo.

⁷³ Noho izany aho—noho izany dia tonga teo aho tamin’io maraina io, hoy izy ireo...tsy maintsy mitantara an’ity ampahany ity aho. Arak’izany dia tonga teo aho tamin’io maraina io, dia hoy izy ireo hoe, “Mitady an’i William Branham izahay, evanjelista tanora anankiray izay teto amin’ny lampihazo omaly hariva, Batista anankiray.” Hoy izy ireo hoe, “Tianay hitondra ny hafatra izy izao maraina izao.” Hitako fa ho sarotra tokoa ho ahy izany, amin’io andian’olona io, izaho izay Batista. Noho izany dia somary nitambotsotra ambany teo amin’ny sezako aho. Pataloha manify misoratsoratra sy akanjokely no nanaovako; fantatrareo, izahay anefa mpanao akanjon’ny mpitondra fivavahana, koa...Niverina nipetraka teo amin’ny sezako toy izao aho. Ka dia nanontany indroa na intelo izy. Fa nipetraka niaraka tamina rahalahy mainty hoditra iray aho.

⁷⁴ Ary ny antony nanaovan'izy ireo ny fivoriambeny tany Avaratra, dia satria nisy fanavakavahana tany Atsimo tamin'izany. Ka dia tsy azon'izy ireo natao tany Atsimo io.

⁷⁵ Ka dia nanontany tena aho hoe momba ny inona àry ity “Jesosy Irery” ity. Ary nieritreritra aho hoe, “Raha mbola Jesosy foana ihany ilay izy, dia tsara. Noho izany dia tsy hisy fahasamihafana mihitsy izany na . . . na toy inona na toy inona fisehony, raha mbola Izy foana izany.”

⁷⁶ Noho izany dia nipetraka kely teo aho ary nijery azy ireo, ary dia mbola niantso indroa na in-telo indray izy ireo. Dia nijery ahy io rahalahy mainty hoditra io, hoy izy hoe, “Fantatrao ve izy izany?” Izaho—izaho—izaho . . . Teo ilay fampamoahana. Tsy afaka nandainga tamin'ilay lehilahy aho, tsy tiako ny nanao an'izany.

Hoy aho hoe, “Hitanao, ry rahalahy. Eny, fantatro izy.”

Hoy izy hoe, “Koa, ndeha àry tadiavo izy.”

⁷⁷ Hoy aho hoe, “Eny, ho—ho lazaiko aminao, ry rahalahy,” hoy aho hoe, “Izaho izany. Saingy, hitanao,” hoy aho, “jereo, izaho . . . ity pataloha manify misoratsoratra ity.”

“Mandehana miakatra ery ianao.”

⁷⁸ Dia hoy aho hoe, “Tsia, tsy afaka hiakatra eny aho,” hoy aho, “miaraka amin'ity pataloha ity, tahakan' izao, ity akanjokely ity.”

Hoy izy hoe, “Tsy ahoan'ny olona izay fomba fitafinao.”

⁷⁹ Dia hoy aho hoe, “Eny, jereo, aza miteniteny ianao. Henonao?” Hoy aho hoe, “Jereo, fa ity pataloha manify misoratsoratra ity no ety amiko, tsy te-handeha hiakatra eny aho.”

Hoy izy ireo hoe, “Mba misy mahafantatra ve hoe aiza i William Branham?”

Hoy izy hoe, “Ity eto ity izy! Ity eto ity izy!”

⁸⁰ Oh, oadray! Nivoaramena ny tarehiko, fantatrareo; tsy nisy karavaty, fantatrareo; ary

ity akanjokely tranainy, fantatrareo, sady fohy tana kely tahaka an'izao. Ary dia nandroso teny aho, ny sofiko nahamay. Mbola tsy nanoloana fanamafisam-peo izany mihitsy aho hatramin'izay.

⁸¹ Ary dia nandeha nitory teny teo aho, ary naka lahateny anankiray, tsy ho hadinoiko mihitsy izy io, “Nanokatra ny masonry ilay lehilahy mpanan-karena tao amin'ny helo, ary dia nitomany izy.” Izaho, matetika, dia mitory zavatra kely anankitelo tahaka izany, “Andeha, hizaha izaroa lehilahy izaroa,” “Mino izany va ianao?” na “Dia nitomany izy.” Ary naveriko matetika ny hoe, “Tsy nisy voninkazo, dia nitomany izy. Tsy nisy fivoriam-bavaka, dia nitomany izy. Tsy nisy ankizy, dia nitomany izy. Tsy nisy hira, dia nitomany izy.” Ary dia nitomany aho.

⁸² Koa rehefa tapitra avokoa izany rehetra izany, eny, oadray, izy ireo. . . nanodidina ahy avokoa izy rehetra, nila ahy hanao fivoriana ho azy ireo. Dia nieritreritra aho hoe, “Indro, holy roller anankiray angamba aho!” Hitanareo? Dia nieritreritra aho hoe, “Angamba. . .” Hitanareo, tena olona nahafinaritra tokoa ireo.

⁸³ Ary nandehandeha teny ivelany aho. Nisy lehilahy anankiray nanao kiraron'ny mpiandry omby, satroka lehibe an'ny mpiandry omby, hoy aho hoe, “Iza moa ianao?”

Hoy izy, “Izaho no Loholona *Ranona* avy any Texas.”

Nieritreritra aho hoe, “Eny, toa ohatry ny. . .”

⁸⁴ Nisy namana anankiray hafa koa nanantona teo niaraka tamin'ny pataloha kely mihantona ambanin'ny lohalika, fantatrareo, nampiasain'izy ireo hilalaovana golf izany taloha, ary ny iray tamin'izy ireo nanao akanjobà kely jerise. Hoy izy hoe, “Izaho no Rev. *Ranona* avy any Florida. Mety ve ianao ny hanao. . .”

⁸⁵ Nieritreritra aho hoe, “Tena any an-trano mihitsy aho izany, ry tovolahy, ireto pataloha manify misoratsoratra sy akanjokely eto ireto. Tena tsara fotsiny izao.”

⁸⁶ Koa, renareo ny tantaram-pianako mikasika an'ireo zavatra ireo, ka dia hijanona eto aho ary

hilaza zavatra aminareo izay tsy mbola nolazaiko mihitsy tany aloha. Zavatra voalohany, te-hanontany anareo aho. . . Tsy nanana eritreritra ny hiteny an'izao aho. Tsy mbola notantaraiko am-pahibemaso ity, teo amin'ny fiainako. Raha mampanantena ahy ianareo fa ho tia ahy sady hiezaka ny ho tia ahy bebe kokoa hatrany aorian'ny hilazako an'izao mialohan'ny hitenenako azy, dia hatsangano ny tãnanareo. Eny àry. Fampanantenanareo izany, hanery anareo mba hitazona an'izany aho.

⁸⁷ Nipetraka teo amin'ny fivoriana aho io hariva io, rehefa nihira ny hirany izy ireo dia niteha-tànana. Dia nihira izy ireo, "Izaho. . ." Ilay hira fohy, "Fantatro fa ny Rà. Fantatro fa ny Rà." Ka dia nihazakazaka mandroso sy miverina teo amin'ny làlan-tsara izy ireo, sy ny sisa, nihiaka sady nidera ny Tompo fotsiny. Nieritreritra aho hoe, "Tena hitako fa tsara ilay izy." Nanomboka aho. . .

⁸⁸ Ary Asa foana no noresahin'izy ireo, Asa 2:4, Asa 2:38, Asa 10:49, izany rehetra izany. Nieritreritra aho hoe, "Eny, Soratra izany! Tsy tahaka an'izao fotsiny no nahitako Azy tany aloha." Saingy, oh, nirehitra ny foko, nieritreritra hoe, "Mahafinaritra be ity!" Noheveriko ho andiana holy rollers izy ireto rehefa nihaona taminy aho tamin'ny voalohany, ary nieritreritra aho hoe, "Oh, oadray! Ankehitriny dia andian'anjely izy ireo." Hitanareo, novaiko haingana ny fisainako teo.

⁸⁹ Ary ny ampitso marainan'io rehefa nanome ahy an'io anjara lehibe io ny Tompo mba hitondra an'ireo fivoriana, dia nieritreritra aho hoe, "Oh, oadray, hiaraka amin'ireto andian'olona ireto aho! Ireto angamba no karazan' ilay nantsoin'izy ireo fahiny hoe 'Methodista mpihiakiaka.' Saingy nandeha lavidavitra kely fotsiny," nieritreritra aho hoe. "Izany angamba ity." Ka nieritreritra aho hoe, "Eny, izaho dia. . . tena azoko antoka fa tiako izao. Oh, misy zavatra mikasika azy ireo izay tiako, tena manetry tena sy tsara fanahy izy ireo."

⁹⁰ Fa ny zavatra anankiray tsy azoko dia ity fiteny amin'ny teny tsy fantatra ity, tsy takatro io. Ary izaho. . . Nisy lehilahy anankiray, ndao atao hoe, nipetraka *teto* ary ny anankiray *teto*, ary izy ireo no

mpitarika an'ilay antoko. Nitsangana *ity* anankiray dia niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra, *ity* anankiray no nandika an'ilay izy ary niteny zavatra mikasika ny fivoriana sy ny sisa. Nieritreritra aho hoe, "Oadray, fiooo, ndeha ho vakiko izany!" Dia nifamadika indray izy ireo avy eo, nilatsaka tamin'*ity* avy teo dia tamin'*iry* indray; samy niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra ny tsirairay, nandika. Niteny koa ny sisa rehetra tao amin'ny fiangonana, saingy toa tsy tahaka ny an'ny ireto lehilahy anankiroa ireto ny fihavian'ny fandikana. Ankehitriny, hitako fa nipetraka nifanakaiky izy ireo, dia nieritreritra aho hoe, "Oh, oadray, tena Anjely ireto!" Raha mbola nipetraka teny aoriana . . .

⁹¹ Io zavatra io (fantatrareo) izay tsy mety ho azoko, dia tonga tamiko Izy io. Ary manana fomba aho ahafantarana zavatra raha toa ka tian'ny Tompo ho fantatro izany, fantatrareo. Ary izaho tsy . . . Izay no antony nilazako hoe mbola tsy noresahiko mihitsy izany, tsy mbola tam-pahibe-maso mihitsy. Raha misy zavatra tena tiako ho hita, dia mahazatra ny Tompo ny milaza amiko ny mikasika an'izany zavatra izany. Izay no nilàna ny fanomezam-pahasoavana, hitanareo. Noho izany dia tsy azonareo atao fotsiny ny mamelatra an'izany eo anatrehan'ny olona, fa ho lasa tahaka ny manipy ny vatosoanareo eo amin'ny zana-kisoa izany. Masina izany, zavatra masina, ary tsy misy te-hanao. Noho izany, dia ho tazonin'Andriamanitra ho tompon'andraikitra amin'izany aho. Tahaka ny firesahana amin'ny rahalahy sy ny sisa, fa tsy nitady ny hahita zavatra ratsy mikasika rahalahy anankiray aho.

⁹² Indray andro niara-nipetraka tamin'ny lehilahy anankiray teo amin'ny latabatra iray aho, nahodidiny teo amiko ny sandriny, hoy izy hoe, "Rahalahy Branham ô, tiako ianao." Dia nahatsapa zavatra anankiray nihetsika aho. Nojereko izy. Tsy ho vitany ny hilaza izany amiko; fantatro fa tsy nilaza an'izany tamiko izy, hitanareo, io ilay izy. Tena mpihatsaravelatsihy izy io, raha mbola misy koa atao hoe mpihatsaravelatsihy anankiray, hitanareo, nefa dia tena nahodidiny tamiko mihitsy anefa ny sandriny teo.

⁹³ Hoy aho hoe, “Koa, eny àry,” lasa aho nandeha. Tsy te-hahalala an’izany aho. Fa naleoko fotsiny nahalala azy tamin’izay fomba ahalalako azy, toy ny rahalahiko, dia aleo andeha tahaka izany fotsiny. Avelao Andriamanitra no hanao ny sisa amin’izany. Hitanareo? Ary tsy tiako ny...tsy fantatro, fa tsy tiako ny ahafantatra an’izany zavatra izany.

⁹⁴ Ary matetika ireo zavatra ireo, tsy ato am-piangonana akory. Hipetraka ao an’ efitrano aho, mipetraka any amina trano fisakafoanana anankiray, dia hilaza amiko an’ireo zavatra izay hitranga ny Fanahy Masina. Maro mihitsy ny olona eto no mahalala fa marina izany. Hipetraka ao an-tranoko aho dia hisy hilaza hoe, “Ankehitriny, mitandrema, hisy fiara anankiray ho avy tsy ho ela. Ho toy *izao*, ho olona toy *izao* izany. Ampidiro izy ireo, fa ny Tompo no nilaza fa ho eto izy ireo.” “Rehefa mandeha eny an-dàlana izahay, dia hisy zavatra toy *izao* hitranga. Jereo tsara eo amin’iroa sampanana iroa, satria mitady hidona eo ianao.” Dia jereo fotsiny raha tsy izay tokoa no fisehony, hitanareo, tamin’ny fotoana rehetra, tena tanteraka! Noho izany dia tsy tian’ny tena ny mitsoraka loatra amin’izany, satria ny tena...Izany—izany dia...Azonareo ampiasaina izany, fanomezam-pahasoavana avy amin’Andriamanitra io, saingy tsy maintsy mitandrana ianareo amin’izay anaovanareo azy. Ho tazonin’Andriamanitra ho tompon’andraikitra ianareo.

⁹⁵ Jereo i Mosesy. Lehilahy anankiray nirahin’Andriamanitra i Mosesy. Mino an’izany ve ianareo? Voatendry mialoha, voaomana mialoha, ary natao ho mpaminany anankiray! Ary nandefa azy tany Andriamanitra, nanao hoe, “Mandehana miteny amin’ny vatolampy,” rehefa avy nokapohina izy io. Hoy Izy, “Mandehana miteny amin’ny vatolampy, dia hanome ny ranony izy.”

⁹⁶ Saingy i Mosesy, tezitra, dia nandeha teny sady nikapoka ny vatolampy. Tsy nivoaka ny rano, nokapohiny indray izany, hoy izy hoe, “Ry mpihodina! Moa va amin’ity vatolampy ity no hampivoahanay rano ho anareo?”

⁹⁷ Hitanareo ve ny nataon'Andriamanitra? Tonga ny rano, nefa hoy Izy, "Miakara ety, ry Mosesy." Izay no faran'io, hitanareo. Mila mitandrina an'ireny zavatra ireny ianareo, noho izany ianareo...izay ataonareo amin'ireny fanomezam-pahasoavana avy amin'Andriamanitra ireny.

⁹⁸ Tahaka ny mpitoriteny anankiray ihany, mpitoriteny mahay anankiray feno hery, nefa handeha hitory mba ahazoana hitaty rakitra sy vola fotsiny, hitazona azy ho tompon'andraikitra ny amin'izany Andriamanitra. Marina izany. Mila mitandrina ny amin'izay ataonareo amin'ireo fanomezam-pahasoavana avy amin'Andriamanitra ianareo. Ary, na mitady ny halaza be na ny anarana malaza anankiray ho an'ny fiangonana, na anarana malaza ho an'ny tenany. Aleoko manao fivoriana hariva roa na telo dia lasa mandeha any ho any, sady manetri-tena, mijanona ho kely. Ary fantatrareo ny tiako ho lazaina. Eny, tompoko, tazony foana ny toeranareo izay ahafahan'Andriamanitra mametraka ny Tànany eo aminareo.

Fiainana ao anaty izany ankehitriny, tsarovy.

⁹⁹ Koa tamin'io andro io àry, dia nieritreritra aho hoe, "Eny àry, ndeha hanatona azy ireo aho." Fa tena nampikorontana ahy tsotra izao ireto olona ireto, dia nieritreritra aho hoe, "Ho hitako eo ny amin'ireo lehilahy ireo." Ary nitady azy ireo foana teny an-tokontany aho taorian'ny fivoriana. Nijery nanodidina aho. Hitako ny iray tamin'izy ireo, dia hoy aho hoe, "Manao ahoana ianao, tompoko?"

¹⁰⁰ Hoy izy hoe, "Manao ahoana ianao!" Hoy izy, "Ianao ve ilay mpitoriteny tanora izay nitory teny aninkeo maraina?"

Hoy aho hoe...Telo amby roa-polo taona aho tamin'izay. Hoy aho hoe, "Eny, tompoko."

Dia hoy izy hoe, "Iza no anaranao?"

Hoy aho hoe, "Branham." Dia hoy aho hoe, "Ny anao?"

¹⁰¹ Dia nolazainy ahy ny anarany. Dia nieritreritra aho hoe, "Eny, ankehitriny, raha mba afaka ny

hifandray amin'ny fanahiny fotsiny aho mantsy izao.” Kanefa tsy fantatro akory izay mahatonga an'izany. Fa hoy aho hoe, “Eny, hoy aho, tompoko,” hoy aho hoe, “ianareo olona eto manana Zavatra izay tsy ananako.”

Hoy izy hoe, “Efa noraisinao ve ny Fanahy Masina fony vao nino ianao?”

Hoy aho hoe, “Eny, Batista aho.”

102 Hoy izy hoe, “Fa efa noraisinao ve ny Fanahy Masina fony vao nino ianao?”

103 Dia hoy aho hoe, “Eny, ry rahalahy, inona no tianao lazaina?” Hoy aho hoe, “Izaho—izaho tsy nahazo ny zavatra izay azonareo rehetra, fantatro izany!” Hoy aho hoe, “Satria nahazo Zavatra toa mahery tokoa ianareo ary tahaka ny...”

Hoy izy hoe, “Efa mba niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra ve ianao?”

Ary hoy aho hoe, “Tsia, tompoko.”

Hoy izy hoe, “Holazaiko anao avy hatrany fa tsy manana ny Fanahy Masina ianao.”

104 Dia hoy aho hoe, “Koa, raha izaho... Raha io izany no ilaina mba handraisana ny Fanahy Masina, dia tsy manana Azy aho.”

105 Dia hoy izy hoe, “Eny, raha mbola tsy niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra ianao, dia tsy manana Azy.”

106 Ary notazomiko ihany ny resany, hoy aho hoe, “Koa, aiza no mety hahazoako Azy?”

107 Hoy izy, “Mankanesa ao amin'iry efitra iry dia manomboha mitady ny Fanahy Masina.”

108 Ary nijery azy hatrany aho, fantatrareo. Tsy fantany hoe inona no nataoko teo, saingy izy... fantatro fa nanana fihetsika hafahafa izy teo, satria izy... nanomboka nisy nanganohano kely ny masonry raha mbola nijery ahy izy. Ary izy... Fa tena Kristiana izy io. Izy dia tena, zato isan-jato, Kristiana. Marina izany. Eny, nieritreritra aho hoe, “Dera ho an'Andriamanitra, Ity no izy! Izaho—izaho dia—izaho dia tsy maintsy mankeny amin'ny alitara ery ho ery.”

109 Nivoaka aho, nijery ny manodidina, dia nieritreritra aho hoe, “Ndeha hijery an'ilay lehilahy

anankiray aho.” Ary rehefa hitako izy dia nanomboka niresaka taminy aho, hoy aho hoe, “Manao ahoana ianao, tompoko?”

¹¹⁰ Hoy izy hoe, “Lazao hoe, fiangonana inona no misy anao?” Hoy izy hoe, “Lazain’izy ireo amiko fa Batista ianao.”

Hoy aho hoe, “Izany tokoa.”

Dia hoy izy hoe, “Tsy mbola manana ny Fanahy Masina ianao, sa tsy izany?”

Hoy aho hoe, “Eny, tsy fantatro.”

Hoy izy hoe, “Efa mba niteny tamin’ny fiteny tsy fantatra ve ianao?”

Hoy aho hoe, “Tsia, tompoko.”

Hoy izy hoe, “Tsy manana Azy ianao izany.”

¹¹¹ Dia hoy aho hoe, “Eny, fantatro fa tsy manana an’izay anananareo rehetra aho. Fantatro izany.” Dia hoy aho hoe, “Nefa, ry rahalahiko, tena mila Azy io tokoa aho.”

Hoy izy hoe, “Koa, iry ny—iry ny dobo, efa vonona.”

¹¹² Hoy aho hoe, “Efa vita batisa aho. Saingy,” hoy aho, “Izaho—izaho tsy mbola naharay izay anananareo rehetra.” Hoy aho hoe, “Manana zavatra izay tena ilaiko—ilaiko tokoa ianareo.”

Dia hoy izy hoe, “Eny, tsara izany.”

¹¹³ Niezaka ny hahazo azy aho teo, hitanareo. Ary rehefa izaho... Rehefa azoko ny fanahiny tamin’ny farany, ankehitriny, ilay lehilahy anankiray io, raha mbola tsy niresaka tamina mpihatsaravelatsihy ratsy indrindra aho hatramin’izay, dia io no anankiray amin’ireny. Izy dia miaina... Mainty volo ny vadiny, nefa miara-miaina amina vehivavy fotsy volo izy sady manan-janaka roa aminy. Migoka, miteny ratsy, manenjika trano fisotroana, sy zavatra maro hafa, kanefa dia niteny tamin’ny fiteny tsy fantatra izy tery sady naminany.

¹¹⁴ Ka dia hoy aho hoe, “Tompo ô, mamelà ahy.” Nandeha nody aho. Marina izany. Hoy aho hoe,

“Handeha fotsiny aho...Tsy azoko ilay izy. Dia toy ny hoe ilay Fanahy Masina voatahy mihitsy no nilatsaka, ary, teo amin’io mpihatsaravelatsihy teo io.” Hoy aho hoe, “Tsy hety izany! Izay ihany.”

¹¹⁵ Nandritry ny fotoana maharitra taty aoriana, dia nandinika sy nitomany aho, nieritreritra fa raha mba afaka ny handeha hiaraka amin’izy ireo aho dia ho hitako avokoa izay rehetra momba an’io. Io ny iray, tena Kristiana tokoa; fa ilay anankiray hafa kosa, tena mpihatsaravelatsihy. Dia nieritreritra aho hoe, “Ahoana ny amin’io? Oh,” hoy aho hoe, “Andriamanitra ô, angamba—angamba misy zavatra tsy mety ato amiko.” Ary hoy aho, amin’ny maha-mpitazona foto-pampianarana ahy, “Izany dia...ilaina jerena ao anatin’ny Baiboly izany. Ilaina izany.”

¹¹⁶ Amiko, ny zavatra rehetra miseho dia tsy maintsy avy ato amin’ity Baiboly ity raha tsy izany dia tsy marina ilay izy. Tsy maintsy avy ao amin’ity. Tsy maintsy voaporofon’ny Baiboly ilay izy, tsy amin’ny toerana iray fotsiny ihany, fa tsy maintsy hita miseho manerana ny Baiboly manontolo. Mila mino an’izany aho. Tsy maintsy mifampiditra tsara izany ka mifamatotra amin’ny Soratra Masina tsirairay fa raha tsy izany dia tsy hino an’ izany aho. Ary koa, satria hoy i Paoly hoe, “Raha misy anjely anankiray avy any An-danitra tonga, ka mitory filazantsara hafa, aoka izy ho voahozona.” Toy izany no inoako ny Baiboly.

Dia hoy aho hoe, “Tsy hety hahita zavatra tahaka an’izao mihitsy aho ao anatin’ny Baiboly.”

¹¹⁷ Roa taona taty aoriana, rehefa maty ny vadiko sy ny sisa koa, dia tany Green’s Mill aho, tao amin’ilay toerana kely fisitahako fahiny, nivavaka. Tao amin’io lava-batoko io aho nandritry ny roa na telo andro, roa andro izy izay. Nandehandeha teny ivelany aho mba haka rivotra kely, tsio-drivotra kely. Ary rehefa nandehandeha teny ivelany aho, dia nipetraka teo ambodin’ny hazo anankiray teo amin’ny fidirana ny Baiboliko. Nisy hazo efa antitra anankiray lavo teo, nisy sampany anankiray teo aminy. Ankehitriny, ianareo...Nisy sampany niakatra toy izao, ary ilay hazo dia lavo teo. Ary nipetraka nitaingina teo

amin'io vatan-kazo io, ary nitsilany teo aho rehefa alina, nibanjina ny lanitra toy izany, ny tânako napetrako ambony toy *izao*, ary indraindray aho natory nitsilany teo ambonin'io vatan-kazo io toy izany, nivavaka. Nijanona tany andro maro aho, tsy nihinana na nisotro, fa nivavaka fotsiny teo. Ary nandeha teny ivelany aho mba haka rivotra kely, teny ivelan'ilay lava-bato; nangatsiatsika ilay izy, mandomando ny tao anatin'ny.

¹¹⁸ Ka dia nivoaka aho ary nipetraka teo amin'ilay nametrahako Azy ny omalin'io ny Baiboliko, ary nisokatra teo amin'ny Hebreo izany, ny toko faha 6. Dia nanomboka namaky teo aho, “Koa aoka hilaozantsika...ny...aoka handroso amin'ny tanteraka, tsy hanao fanorenana indray dia fibebahana hahafahana amin'ny asa maty sy finoana an'Andriamanitra,” sy ny sisa. “Fa tsy azo havaozina indray izay efa nohazavaina indray mandeha, sady efa nanandrana ny fanomezana avy any an-danitra, sy ireo antso,” sy ny sisa. Fa voalaza hoe, “Fa ireo tsilo sy ireo songosongo akaikin'ny fandàvana, ny hiafarany...ny rano...ny ranonorana milatsaka amin'ny tany matetika mba hanamboatra sy hanomana an'izany ho an'izay efa—ho an'izay efa akaikin'ny fandàvana, miaraka amin'ireo tsilo sy ireo songosongo, ary ny hiafarany dia ny hodorana.”

Dia nisy Zavatra tonga, “Hooooosssh!”

¹¹⁹ Nieritreritra aho hoe, “Ity ilay Izy. Hihaino Azy aho ankehitriny ny amin'izay...Nofohaziny aho teo, eo an-dàlam-panomezana fahitana anankiray ho ahy Izy.” Niandry teo ambodin'io vatan-kazo io aho, dia niandry. Nitsangana aho dia nandehandeha nivezivezy, nandroso sy niverina. Niverina teo aho, tsy nisy n'inon'inona nitranga. Niverina tao anatin'ilay lava-batoko indray aho, tsy nisy n'inon'inona nitranga. Nijanona teo aho, dia nieritreritra aho hoe, “Fa, inona àry ity?”

¹²⁰ Niverina teo amin'ilay Baiboliko indray aho, ary, oh, indro fa nanenika ahy tsotra izao ilay Izy. Nalaiko Io, ary nieritreritra aho hoe, “Inona ato amin'ity no Tiany ho vakiako?” Notohizako

ihany ny famakiana mikasika ny hoe “fibebahana amin’Andriamanitra, sy ny finoana,” sy ny sisa, ary novakiko ny teo ambany izay Nilazany hoe, “Ny ranon’orana milatsaka amin’ny tany matetika mba hanamboatra sy hanomana ho amin’izay nanendrena azy, eto, fa ireo tsilo sy ireo songosongo izay akaikin’ny fandàvana ary ny hiafarany dia ny hodorana.” Ary, oh, tena nanaitra ahy tokoa Io!

¹²¹ Dia nieritreritra aho hoe, “Tampo ô, hanome ahy fahitana anankiray ve Ianao ny amin’ny...” Ny hangataka zavatra hafa Taminy no nandehana tany.

¹²² Fa tampoka teo, teo anoloako teo, nahita ny tany nihodina aho, ary voahasa avokoa izy manontolo. Ary indro nisy lehilahy fotsy teo, nitraka ny lohany, namafy Voa tahaka izao. Ary rehefa lasa izy, indro tonga, raha vao lasa tao ambadiaky ny havoana izy dia, indro nisy lehilahy tonga tao aoriany, niakanjo mainty, miondrika ny lohany, namafy voa. Ary rehefa nitombo ireo Voa tsara, dia vary no teo; ary rehefa nitombo ireo voa ratsy, dia ahi-dratsy no teo.

¹²³ Avy teo nisy hain-tany mafy tambonin’ny tany, dia niondrika ny lohan’ny vary, teo an-dàlam-pahafatesana mihitsy, niandry rano. Ary hitako ny olona rehetra nananga-tànana, nivavaka tamin’Andriamanitra mba handefa rano. Avy teo dia hitako ny ahi-dratsy, nanondrika ny lohany, niondrika nangataka rano. Ary tamin’izay fotoana izay dia nandalo ny rahona matevina ary dia nirotsaka nivatravatra ny orana. Ary rehefa izany, ilay vary kely izay efa niforitra tanteraka dia nanao hoe, “Hiish,” niharina izy. Ary hoy ilay ahi-dratsy kely izay tena teo akaikiny hoe, “Hiish,” niharina izy.

Nieritreritra aho hoe, “Fa, inona izany?”

¹²⁴ Avy teo dia tonga teo amiko Ity. Izany tokoa io. Ilay orana iray ihany no mampaniry ny vary, mampaniry ny ahi-dratsy. Ary ilay Fanahy Masina iray ihany no afaka hilatsaka eo amin’ny andian’olona anankiray, ka afaka mitahy ny mpihatsaravelatsihy tahaka ny Hitahiany an’ily anankiray hafa. Hoy i

Jesosy hoe, “Fa ny voany no ahafantaranareo azy.” Tsy amin’ireo hiakany, tsy amin’ireo fifalifaliany, fa “ny voany no ahafantaranareo azy.”

¹²⁵ Hoy aho hoe, “Izay ilay izy!” “Azoko ilay izy, Tompo ô.” Hoy aho hoe, “Fa tena izany tokoa no Fahamarinana.” Ity lehilahy ity...Afaka ny hanana fanomezam-pahasoavana ianareo nefa tsy mahafantatra an’Andriamanitra.

¹²⁶ Ka teo aho—ka teo aho dia lasa nanakiana loatra ny amin’ny fitenenana amin’ny teny tsy fantatra, hitanareo. Saingy indray andro, teo, toy inona no nanamarinan’Andriamanitra an’ily izy tamiko!

¹²⁷ Nanao batisa tetsy amin’ny renirano aho, ireo nentiko niova fo voalohany, teo amin’ny Renirano Ohio, ary ilay olona faha-fito ambin’ny folo izay nataoko batisa, rehefa hanomboka hanao batisa aho, dia hoy aho hoe, “Ray ô, tahaka ny hanaovako batisa azy amin’ny rano, dia Ianao kosa anie hanao batisa azy amin’ny Fanahy Masina.” Nanomboka ny—ny hanao azy tao anaty rano aho.

¹²⁸ Tamin’izay fotoana izay dia nisy tafio-drivotra nidina avy tany an-danitra, ary indro tonga teo io Hazavana io, namirapiratra. Aman-jatony sy aman-jatony ny olona tetsy amorony, tamin’ny roa ora tolak’andro mihitsy, volana Jiona. Ary nihantona teo ambonin’ily nisy ahy mihitsy Izy io. Nisy Feo niteny avy tao, nanao hoe, “Tahaka ny nanirahana an’i Jaona mpanao Batisa ho mpialoha lâlana ny fihavian’i Kristy voalohany, ianao dia manana...manana Hafatra anankiray izay hitondra ny fialohavan’ny Fihavian’i Kristy Faharoa.” Ary toy ny hoe nampitahotra ahy ho faty izany.

¹²⁹ Dia nandeha niverina aho, ary ny olona rehetra teo, ireo—ireo mpiasan’ny fandrendreham-by sy izy rehetra, ny mpivaro-panafody, sy izay rehetra teo amorony. Nanao batisa teo amin’ny roa na telon-jato teo aho tamin’ io tolak’andro io. Ary rehefa naka ahy avy tao izy ireo, namoaka ahy avy tao amin’ny rano, dia tonga ireo diakona sy ny sisa, nanontany ahy izy ireo, nanao hoe, “Inona no dikan’iny Hazavana iny?”

¹³⁰ Andian'olona mainty hoditra maro avy ao—ao amin'ny fiangonana Gilt Edge Baptist sy ny fiangonana Lone Star no tonga teo, ary maro tamin'ireo izay tonga teo, nanomboka nihiakiaka mafy izy ireo rehefa nahita an'io zavatra nitranga io, torana ny olona.

¹³¹ Tovovavy anankiray izay nesoriko avy tao amina lakana anankiray teo, nipetraka teo izy sady nanao akanjo fitondra milomano, mpampianatra sekoly Alahady tao amin'ny fiangonana anankiray, dia hoy aho hoe, “Afaka ny hiala eo ve ianao, ry Margie?”

Hoy izy hoe, “Billy, tsy voatery aho hiala eto.”

¹³² Hoy aho hoe, “Marina izany, tsy voatery ianao, saingy raha izaho kosa no eo amin'ny toeranao dia hanana fanajana ampy ho an'ny Filazantsara aho ka hiala eo amin'izay hanaovako batisa.”

Hoy izy hoe, “Tsy voatery aho.”

¹³³ Ary raha mbola nipetraka teo izy, nihaniany sy nihomehy ahy nanao batisa, satria tsy nino ny amin'ny batisa izy, ka rehefa nidina ilay Anjelin'ny Tompo dia nilofika teo alohan'ilay lakana izy. Any amin'ny tranon'ny adala io tovovavy io amin'izao fotoana izao. Koa tsy azo sangisangina fotsiny izao Andriamanitra. Hitanareo? Ankehitriny, taty aoriana...Tovovavy tsara tarehy anankiray, nandeha nisotro taty aoriana, voakapoka tamin'ny tavoahangy, ta—tavoahangin-dabiera, izay nandrataratra ny tavany. Oh, olona mampahatahotra anankiray! Ary teo izany no niseho.

¹³⁴ Ary nandritry ny fiainako rehetra dia nahita an'izany aho, nahita an'ireo fihetsehana ireo, nahita an'ireo fahitana ireo, sy ny hoe ahoana no fitrangan'ireo zavatra ireo. Koa, taty aoriana kely, nampiahiahy fatratra Izany, ary nilaza tamiko ny olona rehetra hoe zavatra ratsy Izany. Dia lasa nandeha tamin'ilay toerana tena falehako aho, teo amin'ilay nivavahako isan'andro. Ary izaho...Na toy inona na toy inona no nivavahako mba tsy hahatongavan'Io amiko, dia tonga ihany ilay Izy. Ary tamin'izany aho dia somary...izaho dia—izaho

dia mpiandry ala tao amin'ny Fanjakan'Indiana. Ary tonga aho, nisy lehilahy anankiray nipetraka teo, ilay anadahin'ilay mpitendry piano-ko ao amin'ny tabernakla. Dia hoy izy hoe, "Billy, hiara-hiainga amiko ho any Madison ve ianao anio tolakandro?"

Hoy aho hoe, "Tsy afaka hanao izany aho, tsy maintsy mankany amin'ny toerana fiandrasan'ala aho."

¹³⁵ Ary izaho...vao tonga teo anilan'ilay trano aho dia nesoriko ny fehikiboko, ny fehikibon'ny basiko sy ny sisa, ary nakariko ny tãnan'akanjoko. Trano kely misy efitra roa no nipetrahanay, ary nandeha nisasa sy niomana hisakafo aho. Dia nisasa aho, ary raha mbola nandeha nanodidina teo amin'ny ilan'ny trano aho, teo ambanin'ny—ny hazo erabla lehibe anankiray, tampoka teo dia nisy Zavatra nanao hoe, "Hoooosssh!" Ary saiky torana aho. Dia nijery aho, ary dia fantatro fa mbola ilay Izy indray io.

¹³⁶ Nipetraka teo amin'ny tohatra aho, ary nitsambikina avy tao amin'ny fiarany izy ka nihazakazaka teo amiko, nanao hoe, "Ry Billy, torana angaha ianao?"

Hoy aho hoe, "Tsia, tompoko."

Hoy izy hoe, "Fa misy inona, ry Billy?"

¹³⁷ Ary hoy aho hoe, "Tsy fantatro." Hoy aho, "Mandehana fotsiny, rahalahy, fa tsy maninona. Misaotra anao."

¹³⁸ Nivoaka ny vadiko sady nitondra zinga nisy rano, hoy izy hoe, "Ry malala, fa misy inona?"

Hoy aho hoe, "Tsy misy na inona na inona, ry mamin'ny foko."

¹³⁹ Ka dia hoy izy hoe, "Avia amin'izay, efa vonona ny sakafo," dia napetrany nanodidina ahy ny sandriny, niezaka nitondra ahy niditra.

¹⁴⁰ Hoy aho hoe, "Ry malala, izaho—izaho te-hilaza zavatra aminao." Hoy aho hoe, "Antsoy izy ireo ka lazao aminy hoe tsy afaka mivoaka aho izao tolakandro izao." Hoy aho hoe, "Meda, ry mamin'ny foko," hoy aho hoe, "fantatro ato am-poko fa tia an'i

Jesosy Kristy aho. Fantatro fa efa tafafindra niala tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana aho. Nefa tsy te-hanana zavatra hifampiraharahana amin'ny Devoly aho.” Dia hoy aho hoe, “Tsy te-hanohy toy izao aho; voagadra aho.” Hoy aho hoe, “Amin'ny fotoana rehetra, rehefa tsy mitsaha-mitranga io zavatra io, ny zavatra toy izany, ka tonga ireo fahitana ireo, sy ny sisa toy izany. Na, na inona ilay izy na inona,” hoy aho hoe, “dia mitranga amiko izy io.” Tsy fantatro hoe fahitana ilay izy. Tsy fahitana no niantsoako azy. Hoy aho hoe, “Irony karazana tsindrimandry irony izany,” hoy aho hoe, “tsy fantatro hoe inona io. Koa, ry malala, izaho—izaho—izaho—izaho tsy te-hikasika an'io, izy ireo—izy ireo dia nilaza tamiko fa Devoly io. Nefa tiako ny Tompo Jesosy.”

¹⁴¹ “Oh,” hoy izy hoe, “Billy, tsy tokony hihaino izay lazain'olona aminao ianao.”

¹⁴² Hoy aho hoe, “Nefa, ry malala, jereo ireo mpitoriteny sasany.” Hoy aho hoe, “Izaho—izaho tsy mila an'izany.” Hoy aho hoe, “Handeha ho any amin'ilay toerako any anaty ala aho. Nanana teo amin'ny dimy ambin'ny folo dolara teo aho, karakara tsara i Billy.” Mbola zazalahy kely i Billy tamin'izay, tena mbola zazakely mihitsy. Hoy aho hoe, “Ianao—ianao maka...Ampy hivelomanao sy Billy izany, fotoana vitsivitsy. Antsoy izy ireo ka lazao aminy fa izaho dia—izaho dia mety hiverina rahampitso, ary mety tsy hiverina intsony koa aho. Raha tsy tafaverina ao anatin'ny dimy andro aho, dia asio lehilahy anankiray eo amin'ny toerako.” Dia hoy aho hoe, “Ry Meda, tsy hivoaka an'io ala io mihitsy aho raha tsy efa mampanantena ahy Andriamanitra fa hanala amiko an'io zavatra io Izy ary tsy hamela an'io hitranga intsony.” Mba hevero kely anie ilay tsi-fahafantarana manjo ny lehilahy iray e!

¹⁴³ Dia nandeha tany aho tamin'io hariva io. Niverina tao amin'ilay trano-bongo tranainy, hatramin'ny ampitso; efa somary alina tamin'izay. Nandeha niakatra teo amin'ilay fitoerako aho ny ampitson'iny, teo amin'ny...somary lavidavitra kely ambadiky

ny tendrombohitra, na ilay havoana, no marimarina kokoa, ary nankany anaty ala tany. Ataoko fa na dia ny F.B.I. aza tsy ho nahita ahy tao. Noho izany io trano-bongo kely tranainy io... Nivavaka aho nandritry ny tolakandro sy talohan'ny nahamaizina be ny andro. Nivavaka aho, namaky tao amin'ny Baiboly izay Milaza hoe, "Ny Fanahin'ny mpaminany dia manaiky hozakain'izy mpaminany." Tsy nety azoko izany. Ary dia lasa maizina loatra ny tao amin'ilay trano-bongo tranainy.

¹⁴⁴ Teo aho no nihaza tamin'ny fandrika fahiny fony aho mbola zatovo, nanana fandrika maromaro aho teo, ary nandeha tany aho ary nanjono ka nitoetra teo nandritry ny alina. Trano-bongo kely tranainy simbasimba no teo, efa an-taonany maro no naha-teo azy. Efa nisy mpanofa angamba tao talohan'ny nahatonga azy ho toy izany.

¹⁴⁵ Ary izaho—izaho dia niandry teo fotsiny. Dia nieritreritra aho hoe, "Eny." Tonga ny tamin'ny iray ora, tamin'ny roa ora, tamin'ny telo ora maraina, nandeha nivezivezy teo amin'ny gorodona aho, nandroso sy niverina. Nipetraka teo ambonin'ny seza-bory kely tranainy teo aho, zavatra kely... tsy seza-bory, fa vatakely tranainy anankiray fasiana zavatra. Dia nipetraka teo aho, ary nieritreritra hoe, "Andriamanitra ô, nahoana no manao an'izao amiko Ianao?" Hoy aho hoe, "Ray ô, Fantatrao fa tia Anao aho. Fantatrao fa tia Anao aho! Ary izaho—izaho—izaho tsy te-hipetrahan'ny devoly izany. Tsy tiako hitranga amiko ireo zavatra ireo. Miangavy aho Andriamanitra ô, aza avela hiseho intsony izany."

¹⁴⁶ Hoy aho hoe, "Izaho—izaho tia Anao. Tsy te-ho any amin'ny helo aho. Inona no ilàko ny hitory teny sy hiezaka, ka hanao ny ezako hatrany, raha toa aho ka diso? Ary tsy izaho irery ihany no mitondra ny tenako any amin'ny helo, fa mandiso lalana olona an'arivony hafa koa aho." Na, olona an-jatony hafa, tamin'izany fotoana izany. Ka hoy aho... Nanana asa-panompoana lehibe aho. Ary hoy aho hoe, "Eny, izaho—izaho tsy tia ny hiverenan'izany hitranga amiko intsony."

¹⁴⁷ Nipetraka teo amin'io seza-bory kely io aho. Ary nipetraka fotsiny, oh, tahak'izao fipetraka izao, toy *izao* mihitsy. Ary, tampoka teo, dia nahita Hazavana nitsilopilopy tao amin'ilay efitra aho. Dia noheveriko hoe nisy olona nanatona niaraka tamin'ny jiro fanao am-paosy. Dia nijery nanodidina aho, ka nieritreritra hoe, "Eny..." Ary indro teo Izy, tena teo anoloako mihitsy. Nisy an'ireo hazo-fisaka tranainy teo amin'ny gorodona. Ary teo Izany, teo anoloako mihitsy. Nisy karazana fatana barika tranainy nipetraka teo an-joron-trano, efa niala taminy ny sarony. Ary—ary tena *teo* mihitsy no nisy an'ilay—ilay Hazavana teo amin'ny gorodona, dia nieritreritra aho hoe, "Eny, aiza ity? Eny, ity dia mety ho avy amin'ny..."

¹⁴⁸ Nijery nanodidina aho. Ary indro fa teo amboniko Izy, *ity* Hazavana ity ihany, tena teo amboniko mihitsy, nihantona tsara toy *izao*. Nihodinkodina tahaka ny afo, karazana lokon' ny emeroda, nanao hoe, "Hoossh, hoossh, hoossh!" tahaka an'izany, teo Amboniny teo, tahaka an'izany. Ary nojereko Izany. Dia nieritreritra aho hoe, "Inona ary Io?" Eny, nampitahotra ahy ilay Izy.

¹⁴⁹ Nandre olona tamy aho, [Manao ny feon'ny olona mamindra Rahalahy Branham—Mpand.] namindra fotsiny, saingy, tsy nikiraro ilay izy. Ary nahita tongotry ny Lehilahy anankiray niditra aho. Maizina ny tao amin'ny efitra tamin'izany, ny toerana rehetra mihitsy afa-tsy teo amin'ilay Namirapiratany teo ambany. Ary nahita tongotry ny Lehilahy anankiray niditra aho. Ary rehefa niditra tao amin'ilay efitra Izy, dia nanatona, Izy dia Lehilahy eo amin'ny... nilanja teo ho eo amin'ny roan-jato livatra eo. Ny Tanany nivalona toy *izao*. Ankehitriny, tao anaty Tafio-drivotra no nahitako Azy io, nandre Azy io niresaka tamiko aho, ary nahita Azy io tamin'ny endrika Hazavana, saingy teo kosa no voalohany nahitako ny Endriny. Nanatona ahy Izy io, tena akaiky dia akaiky.

¹⁵⁰ Eny, am-pahatsorana ry sakaiza, izaho—izaho dia nihevitra fa hijanona ny foko. Izaho... Eritrereto kely fotsiny anie! Mipetraha ianareo eo amin'ny

toerako, fa hanao anareo hahatsapa toy izany koa Io. Angamba mety efa nahavita lalana lavidavitra kokoa noho izaho ianareo, mety efa ela no naha-Kristiana anareo, saingy hanao anareo hahatsapa toy izany koa Io. Satria tao aorian'ireo fotoana famangiana efa an-jatony sy an-jatony, dia mbola tsy maha-hetsika foana aho isaky ny manakaiky Izy. Indraindray aza izy io mahatonga ahy...Tena mila tsy hahatsiaro-tena mihitsy aho, matetika dia tena malemy rehefa miala ny lampihazo. Raha mijanona ela loatra aho, dia tena ho safotra tanteraka mihitsy. Nasaiko nitondra ahy nihodinkodina tamin'ny fiara izy ireo nandritry ny ora maromaro, tsy fantatro akory aza hoe taiza aho. Ary tsy haiko hazavaina izany. Vakio ato amin'ity Baiboly eto ity, fa Ity no hanazava an'Io, hoe inona izy io. Milaza ny amin'izany koa ny Soratra Masina!

¹⁵¹ Ka dia nipetraka teo aho sady nijery Azy. Izaho—izaho nanao ny tanako ambony toy izao. Nijery nanatrika ahy Izy, feno fahatsoram-po. Saingy manana Feo tena beso Izy, ka hoy Izy hoe, “Aza matahotra, nirahina avy any amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra Tsitoha Aho.” Ary rehefa niteny Izy, ilay Feo, dia io ihany ilay Feo izay niresaka tamiko fony aho roa taona, tamin'ny fombany rehetra. Fantatro fa Izy io. Nieritreritra aho hoe, “Ankehitriny...”

¹⁵² Ary henoy ity. Ankehitriny henoy ilay fifampiresahana. Entiko araka izay azoko atao indrindra izany, araka ny fahalalako, ny teny tsirairay, satria sarotra amiko ilay mitadidy.

¹⁵³ Izy...Hoy aho...Nijery Azy toy izao aho. Hoy Izy hoe, “Aza matahotra,” tony tokoa, nanao hoe, “Nirahina avy any amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra Tsitoha Aho, mba hilaza aminao fa ny fahaterahanao hafahafa...” Efa fantatrareo hoe ahoana moa ilay fahaterahako tany. Io Fahazavana io ihany no nihantona teo amboniko vantany vao teraka aho. Ka dia hoy Izy hoe, “Ny fahaterahanao hafahafa sy ny fiainanao tsy dia azon'ny olona loatra dia ny hanehoana fa ianao

dia tsy maintsy handeha eran'izao tontolo izao ka hivavaka ho an'ny olona marary." Ary nanao hoe, "Ary na inona na inona mahazo azy ireo..." Ary dia nanonona Izy. Andriamanitra, Izay Mpitsara ahy, no mahalala. Izany, dia Notononiny hoe "homamiadana." Hoy Izy, "Tsy misy...Raha mitondra ny olona hino anao ianao, ka hanana fahatsorana ianao rehefa mivavaka, tsy hisy na inona na inona hahatohitra ny vavakao, na dia ny homamiadana aza." Hitanareo, "Raha mitondra ny olona hino anao ianao."

¹⁵⁴ Ary hitako fa tsy fahavaloko Izy, Sakaizako Izy. Ary tsy fantatro raha—raha teo am-pahafatesana aho na inona no nitranga teo rehefa nanatona ahy toy izany Izy. Dia hoy aho hoe, "Eny, Tompoko," hoy aho, "Izaho dia..." Inona no mba fantatro amin'izay fanasitranana sy zavatra sahala amin'izany, ireo fanomezam-pahasoavana? Hoy aho hoe, "Eny, Tompoko, izaho dia...Izaho—izaho dia lehilahy mahantra." Ary hoy aho hoe, "Izaho dia eo anivon'ny oloko. Izaho—izaho dia miaina miaraka amin'ny oloko izay mahantra. Tsy manana fahalalana aho." Dia hoy aho hoe, "Ary izaho—izaho—izaho tsy hahavita an'izany, izy ireo tsy—izy ireo tsy hahazo ahy." Hoy aho hoe, "Izy ireo—izy ireo tsy—izy ireo tsy hihaino ahy."

¹⁵⁵ Dia hoy Izy hoe, "Tahaka ny nanomezana an'i Mosesy fanomezam-pahasoavana roa, famantarana," no marimarina kokoa, "mba hanamarinana ny asam-panompoany, dia toy izany koa ianao dia homena roa—ianao koa dia homena fanomezam-pahasoavana roa mba hanamarinana ny asam-panompoanao." Hoy Izy hoe, "Ny anankiray amin'izy ireo dia rehefa raisinao amin'ny tanany ilay olona hivavahanao, ny tãnanao ankavia amin'ny tanany ankavanany," dia hoy Izy, "avy eo dia aoka ianao ho tony fotsiny, fa izany dia hisy...hisy fiantraikany ara-batana hitranga ao amin'ny tenanao." Dia hoy Izy, "Mivavaha ianao avy eo. Ary rehefa miala izany, dia niala tamin'ilay olona izay ny aretina. Raha mbola tsy miala izany, dia mangataha fotsiny fitahiana anankiray dia tohizo ny làlanao."

“Eny,” hoy aho, “Tompoko, matahotra aho sao tsy handray ahy izy ireo.”

156 Hoy Izy hoe, “Ary ny zavatra hisy manaraka, raha tsy hihaino an’izany izy ireo, dia hihaino an’ity.” Hoy Izy, “Ny zavatra hitranga avy eo dia ho fantatrao ny zava-miafina izay ao am-pon’izy ireo.” Hoy Izy, “Hihaino an’io izy ireo.”

157 “Eny,” hoy aho, “Tompoko, izay no antony maha-eto ahy izao hariva izao. Efa nolazain’ireo rahalahy mpiara-mivavaka amiko fa ireny zavatra tonga tamiko ireny dia diso.”

158 Hoy Izy hoe, “Izay tanjona izay no nahaterahanao teto amin’ity tany ity.” (Hitanareo, “ny fanomezam-pahasoavana sy ny antso dia tsy misy hanenenany.”) Hoy Izy, “Izay tanjona izay no nahaterahanao teto amin’ity tany ity.”

159 Ary hoy aho hoe, “Eny, Tompoko,” hoy aho, “fa, ny rahalahy mpiara-mivavaka amiko no niteny izany tamiko, fa hoe izany dia ny—ny fanahy ratsy.” Ary hoy aho hoe, “Izy ireo... Izay no antony hivavahako eto.”

160 Ary izao no zavatra Nambarany ahy. Notantarainy ahy ny fihavian’i Jesosy Tompo, tamin’ny Nihaviany voalohany. Dia hoy aho...

161 Ny zavatra hafahafa, ry sakaiza dia... Eny, hijanona kely iray minitra eto aho, mba hiverina any aoriana. Ny mbola tena nampahatahotra ahy indrindra, dia isaky ny nifanena tamin’ny vehivavy anankiray mpanao hatsarana aho, dia fantatr’izy ireo fa nisy zavatra nitranga. Ary izany dia tena... saika namono ahy izany.

162 Ohatra, indray andro izaho sy ireo rahalahiko dia nandehandeha teny amin’ny—amin’ny toerana fanaovam-pety, ary mbola vao tovolahy izahay tamin’izany, nitsangatsangana. Ary dia indro nisy vehivavy kely mpanao hatsarana nipetraka tety ivelany teo ambanin’ny iray tamin’ireo tranolay, ramatoa tanora anankiray, ramatoa tanora tsara tarehy anankiray, nipetraka teo izy. Ary nandeha izahay rehetra, nandehandeha teo. Hoy izy hoe, “Eh,

ianao io, avia aty vetivety!" Dia nitodika izahay telo lahy. Dia hoy izy hoe, "Ianao manao akanjo-bà misoratsoratra io." Izaho izany io.

¹⁶³ Dia hoy aho hoe, "Eny, madama?" Noheveriko fa hoe tiany hividy kokà ho azy aho, na zavatra hafa toy izany. Ary izy dia tena—tena vehivavy tanora anankiray, angamba teo amin'ny faha-roapolo taonany teo, na toy izany, nipetraka teo. Dia nanatona aho, hoy aho hoe, "Eny, madama, inona no azoko atao ho anao?"

¹⁶⁴ Dia hoy izy hoe, "Eh, mba fantatrao moa fa misy—misy Hazavana anankiray izay manaraka anao? Teraka tao ambanin'ny famantarana hafakely ianao."

Hoy aho hoe, "Inona no tianao lazaina?"

¹⁶⁵ Hoy izy hoe, "Eny, teraka tao ambanin'ny famantarana hafa mihitsy ianao. Misy Hazavana anankiray manaraka anao. Teraka ho an'ny antson'Andriamanitra anankiray ianao."

Hoy aho hoe, "Ny hafa hilazana an'izany, ravehivavy!"

¹⁶⁶ Nanomboka niala teo avy hatrany aho, satria ny reniko dia niteny tamiko isan'andro fa ny zavatra toy ireny dia avy amin'ny Devoly. Marina ny azy. Noho izany aho... Nampatahotra ahy izany.

¹⁶⁷ Fa indray andro fony aho mbola mpiandry ala, dia nitaingina fiara-fitaterana aho. Ary niakatra tao amin'ily fiara-fitaterana aho. Izaho moa dia toa mora mahatsapa ny fisian'ny fanahy izay foana. Nitsangana teo aho, ary ilay tantsambo nitsangana tao aoriako. Ary nandeha hanao fisafoana aho tamin'izay, dia nandeha ho any amin'ny Alan'i Henryville, tao anaty fiara-fitaterana aho. Nahatsapa zavatra hafahafa izany aho. Nojereko ny nanodidina teo, ary indro nisy—nisy vehivavy vaventy be anankiray nipetraka teo, tsara fiakanjo. Hoy izy hoe, "Manao ahoana ianao?"

Hoy aho hoe, "Manao ahoana ianao!"

¹⁶⁸ Noheveriko hoe vehivavy anankiray fotsiny izy io, fantatrareo, miresaka, ka dia nanohy ihany aho... Hoy izy hoe, "Te-hiresaka aminao vetivety aho."

Hoy aho hoe, "Eny, madama?" Nitodika aho.

Hoy izy, “Mba fantatrao ve fa teraka tao ambanin’ny famantarana anankiray ianao?”

169 Nieritreritra aho hoe, “Mbola isan’irony vehivavy hafahafa irony indray ity.” Ka dia nijery tany ivelany fotsiny aho. Dia tsy niteny mihitsy aho na dia teny iray aza, nanohy fotsiny. . .

170 Hoy izy hoe, “Afaka miresaka aminao vetivety ve aho?” Nanohy fotsiny aho ny. . .Hoy izy hoe, “Aza manao an’ izao ianao.”

171 Nanohy nijery ny tany alohako fotsiny aho. Nieritreritra aho hoe, “Tsy dia tena fahalalam-pomba loatra izao.”

Hoy izy hoe, “Te-hiresaka aminao vetivety fotsiny aho.”

172 Nanohy nijery ny teo alohako foana aho, ary tsy noraharahiako izy. Avy hatrany aho dia nieritreritra hoe, “Mino aho fa ho hitako eto raha mba milaza tahaka an’ireo sasany koa izy.” Nitodika aho, nieritreritra aho hoe, “Oh, oadray! Toa hampangovitra ahy koa ity, fa fantatro.” Satria, tena halako ny mieritreritra an’izany. Nitodika aho.

173 Hoy izy hoe, “Tsaratsara angamba ny hanazavako anao ny momba ahy.” Hoy izy hoe, “Mpamantatra ny kintana aho.”

Hoy aho hoe, “Efa tena noeritreretiko mihitsy fa karazan’izany ianao.”

174 Hoy izy hoe, “Handeha ho any Chicago aho mba hamangy ny zanakolahy izay mpitoriteny Batista.”

Hoy aho hoe, “Eny, madama.”

175 Hoy izy hoe, “Tsy mbola nisy nilaza taminao mihitsy ve hoe teraka tao ambanin’ny famantarana anankiray ianao?”

176 Hoy aho hoe, “Tsia, madama.” Nandainga taminy aho teo, hitanareo, ary hoy aho. . .te-hahita fotsiny izay holazainy aho. Dia hoy izy. . .Hoy aho hoe, “Tsia, madama.”

Dia hoy izy hoe, “Tsy mbola. . .Tsy mbola nisy mpitoriteny nilaza izany taminao mihitsy ve?”

Hoy aho, “Tsy misy hifampiraharahako amina mpitoriteny mihitsy.”

Dia hoy izy hoe, “Ha—hay.”

Ary hoy aho...hoy—hoy izy tamiko...hoy aho hoe, “Koa...”

¹⁷⁷ Hoy izy, “Raha lazaiko aminao fotsiny ve hoe oviana marina ianao no teraka, dia hino ahy ve ianao?”

Hoy aho hoe, “Tsia, madama.”

Dia hoy izy hoe, “Eny, azoko lazaina anao hoe oviana ianao no teraka.”

Hoy aho hoe, “Tsy mino an’izany aho.”

¹⁷⁸ Dia hoy izy hoe, “Teraka tamin’ny faha-6 Aprily ianao, 1909, tamin’ny dimy ora maraina.”

¹⁷⁹ Hoy aho hoe, “Marina izany.” Hoy aho hoe, “Ahoana no ahalalanao an’izany?” Hoy aho hoe, “Lazao an’io tantsambo eto io àry hoe oviana izy no teraka.”

Hoy izy hoe, “Tsy haiko.”

Ary hoy aho hoe, “Nahoana? Ahoana no ahafantaranao?”

¹⁸⁰ Hoy izy hoe, “Jereo, tompoko.” Hoy izy, rehefa nanomboka nitantara ny momba ny kintany izy teo, dia nanao hoe, “Isaky ny taona...” Hoy izy, “Tsaroanao ve fa rehefa niseho ilay kintan’ny maraina, dia io no nitarika an’ireo magy teo amin’i Jesosy Kristy?”

¹⁸¹ Ary somary niala kely an’ ilay fanontaniana aho, fantatrareo, hoy aho hoe, “Eny, tsy mahalala na inona na inona momba ny fivavahana aho.”

¹⁸² Dia hoy izy hoe, “Eny, fa efa mba nandre ny amin’ireo magy tonga teo amin’i Jesosy ianao.”

Hoy aho hoe, “Eny.”

Dia hoy izy hoe, “Eny, inona moa ny magy?”

“Oh,” hoy aho hoe, “magy fotsiny izy ireo, izay ihany no fantatro.”

¹⁸³ Hoy izy hoe, “Eny, inona no atao hoe magy?” Hoy izy hoe, “Zavatra tahaka ahy izao izany, mpamantatra ny kintana, ‘mpandinika kintana’ no iantsoana azy

ireo.” Dia hoy izy hoe, “Fantatrao moa, fa talohan’ny nanaovan’Andriamanitra ny zavatra teto—teto an-tany, dia Nambarany teny amin’ny lanitra foana aloha izany, izay vao teto an-tany.”

Dia hoy aho hoe, “Tsy fantatro.”

¹⁸⁴ Dia hoy izy hoe, “Eny...” Notononiny ny anankiroa na telo, anankiroa...kintana telo, tahaka ny hoe Marsa, Jopitera, ary Venosy. Tsy ireo akory ilay izy, fa hoy izy hoe, “Nifanena teny an-dàlana izy ireo ka dia nitambatra ary nanao...” Hoy izy hoe, “Nisy magy anankitelo izay tonga mba hihaona amin’ny Tompo Jesosy, ka ny anankiray dia avy amin’ny taranak’i Hama, ary ny anankiray Sema, ary ilay anankiray hafa Jafeta.” Dia hoy izy hoe, “Rehefa nihaona tao Betlehema izy ireo, ireo kintana telo avy tany amin’izay nisy azy ireo...Fa ny olona tsirairay eto an-tany,” hoy izy, “dia misy ifandraisany amin’ny kintana daholo.” Hoy izy, “Anontanio an’io tantsambo eto io anie fa rehefa mihataka ny volana ka mihataka ny planeta eny amin’ny lanitra, raha tsy miara-mihataka sy miara-miakatra amin’izany koa ny ranomasina e.”

Hoy aho hoe, “Tsy mila manontany azy an’izany akory aho, haiko izany.”

¹⁸⁵ Dia hoy izy hoe, “Eny, ny fahaterahanao dia misy hifandraisany amin’ireo kintana eny ambony ireo.”

Ary hoy aho hoe, “Eny, tsy fantatro ny amin’izany.”

¹⁸⁶ Dia hoy izy hoe, “Indreo, nisy magy telo tonga.” Dia hoy izy hoe, “Ireo kintana telo ireo rehefa, rehefa ireo...Avy any amin’ny faritra samy hafa izy ireo ary nihaona tao Betlehema. Ary nilaza izy ireo fa nahita ka nifampidinika, ka ny anankiray dia avy amin’ny taranak’i Hama, Sema, ary Jafeta, ireo zanakalahin’i Noa anankitelo.” Dia hoy izy hoe, “Dia tonga izy ireo ka nanompo an’i Jesosy Kristy Tompo.” Dia hoy izy hoe, “Rehefa niainga izy ireo,” hoy izy, “dia nitondra fanomezana ka nomeny Azy.”

¹⁸⁷ Dia hoy izy hoe, “Nilaza Jesosy Kristy tao amin’ny Asam-panompoany fa rehefa voatory

amin'izao tontolo izao ity Filazantsara ity (Hama, Sema, sy ny taranak'i Jafeta), amin'izay dia hiverina indray Izy." Dia hoy izy hoe, "Ankehitriny, ireo planeta ireo, ireo planeta eny amin'ny lanitra ireo, rehefa mihodina izy ireo..." Hoy izy hoe, "Nisaraka izy ireo." Tsy mbola teto an-tany mihitsy izy ireo hatramin'izay, raha ny fantatra. Saingy," hoy izy, "isaky ny aman-jato taonany maro, dia mandalo eo amin'ny fihodinany toy *izao izy ireo*." Raha toa ka misy mahay momba ny kintana eto, dia ho hainao izay noresahany mikasika an'izany. Izaho tsy mahay. Koa rehefa niresaka izy-...Hoy izy hoe, "Nifanena toy izao izy ireo." Dia hoy izy, "Ho fahatsiarovana an'ilay Fanomezana lehibe indrindra izay tsy mbola nomena ny taranak'olombelona hatramin'izay, rehefa nanome ny Zananilahy Andriamanitra. Fa rehefa mifanena indray ireo planeta ireo, dia ahoana," hoy izy hoe, "dia mandefa fanomezana hafa ho an'ny tany indray Izy." Dia hoy izy hoe, "Ianao dia teraka teo amin'izany fotoana nifanenan'izy ireo izany." Dia hoy izy hoe, "Izay no antony nahafantarako an'izany."

¹⁸⁸ Koa, hoy aho avy eo hoe, "Ramatoa, voalohany indrindra, tsy mino na inona na inona mikasika an'izany aho. Izaho tsy mpivavaka, ary tsy te-handre ny mikasika an'izany intsony aho!" Lasa aho nandeha. Ka dia notapahiko fotsiny izao ny teniny. Dia lasa nivoaka aho.

¹⁸⁹ Fa isaky ny...tonga eo anoloan'ny anankiray amin'izy ireny aho, dia tahak'izay foana no fisehony. Ary nieritreritra aho hoe, "Nahoana no ireo devoly no manao an'izany?"

¹⁹⁰ Nefa ireo mpitoriteny, milaza hoe, "Ny Devoly izany! Ny Devoly izany!" Izy ireo no nahatonga ahy nino an'izany.

¹⁹¹ Koa tamin'io alina io ary aho rehefa...rehefa niresaka ny amin'io Izy, dia nanontany Azy aho, hoy aho hoe, "Fa, nahoana ary ireny mpahita sy ny toy izany ireny, ary ireny olona ipetrahan'ny devoly ireny foana, no miresaka amiko ny amin'Izany; fa ireo mpivavaka izay, rahalahiko, dia milaza amiko hoe avy amin'ny fanahy ratsy izany?"

¹⁹² Ankehitriny dia henoy izay Nolazainy, ity Anankiray Izay mihantona eto amin'ny sary eto ity. Hoy Izy hoe, “Izay efa nisy tamin'izany, no misy koa ankehitriny.” Ary nanomboka nanazava tamiko Izy, an'io, “Vao nanomboka niseho ny asam-panompoan'i Jesosy Kristy Tompontosika, dia hoy ireo mpitoriteny hoe, ‘Belzeboba Izy, Devoly’; fa ny devoly kosa nanao hoe, ‘Izy no Zanak’Andriamanitra, ilay Iray Masin’Isiraely.’ Devoly... Ary jereo i Paoly sy Barnabasy rehefa nitory teny tany izy ireo. Hoy ireo mpitoriteny, ‘Ireto lehilahy ireto mamadika ny tany ambony ambany. Olona ratsy ireo, avy amin'ny—avy amin'ny Devoly ireo.’ Nefa mpanao hatsarana kely anankiray teny an-dàlambe, no nahafantatra an'i Paoly sy Barnabasy ho lehilahin'Andriamanitra, hoy izy hoe, ‘Lehilahin'Andriamanitra manambara ny làlan'ny Fiaianana amintsika izy ireo.’” Marina ve izany? “Ireo mpiresaka amin'ny fanahy sy mpanao fankatoavana, olona azon'ny demonia.”

¹⁹³ Saingy tena lon'ny teolozia loatra isika ka lasa tsy mahafantatra na inona na inona momba ny Fanahy. Antenaiko fa ho tia ahy ianareo aorian'izao. Nefa izay ilay izy. Miresaka ny amin'ny Pentekotisma, ihany koa aho! Marina izany. Ny mihiakiaka fotsiny sy ny mandihy mihodinkodina dia tsy midika akory hoe mahafantatra zavatra momba ny Fanahy ianareo.

¹⁹⁴ Fifandraisana manokana izany, fifanatrehana, izay no zavatra ilainareo. Izany no karazana Fiangonana izay amboarin'Andriamanitra hatsangana, marina izany, rehefa hikambana ao anatin'ny firaisana sy ny hery izy ireo, ao amin'ny Fanahy.

¹⁹⁵ Ary niresaka ny amin'izany Izy. Dia Nolazainy ahy hoe ahoana no tsy nahazoan'ny mpitoriteny an'Izany, sy ny nanamafisiny tamiko fa tsy ho azon'ny mpitoriteny Izany. Ary rehefa niresaka tamiko tanteraka ny mikasika an'io Izy sy ny fomba nahatonga an'i Jesosy...

¹⁹⁶ Hoy aho hoe, “Koa, ahoana ny amin'ity, ireto zavatra mitranga amiko ireto?”

¹⁹⁷ Dia, hitanareo, hoy Izy hoe, “Hitombo ary hihalehibe sy hihalehibe izany.” Ka Nazavainy ahy,

nolazainy ahy ny fomba nanaovan'i Jesosy an'ilay izy; ahoana ny fomba Nihaviany sy ny Nananany Hery nahafantarana zavatra mialoha ka nilaza tamin-dravehivavy teo amin'ny fantsakana, tsy nilaza ny tenany ho mpanasitrana, fa nilaza hoe nanao an'ireo zavatra ireo araka izay nasehon'ny Ray Azy.

Hoy aho hoe, “Koa, ho karazana fanahy inona àry izany?”

Hoy Izy hoe, “Ny Fanahy Masina Izany.”

¹⁹⁸ Ary dia nisy zavatra nitranga tato anatiko teo, ka tsapako fa ilay zavatra tena nitodihako lamosina mihitsy no nitondran'Andriamanitra ahy eto. Ary tsapako fa tena tahaka an'ireo Fariseo fahiny mihitsy, nanaovan'izy ireo fandikana diso ny Soratra Masina aho. Koa nanomboka teo dia ny fandikako manokana Azy io no noraisiko, dia izay nolazain'ny Fanahy Masina.

Hoy aho Taminy hoe, “Handeha aho.”

Hoy Izy hoe, “Homba anao aho.”

¹⁹⁹ Ary dia niditra tao amin'ilay Hazavana indray ilay Anjely ka nanomboka nihodina ka nihodina, dia nihodina ka nihodina, ary nihodina teo amin'ny Tongony tahaka an' izany, niakatra tao anatin'ilay Hazavana ary lasa nivoaka ny trano.

Olom-baovao aho nody tany an-trano.

²⁰⁰ Nankany am-piangonana aho ka nilaza tamin'ny olona ny mikasika an'io. Ny...Alahady hariva tamin'izay.

²⁰¹ Ary ny Alarobia hariva dia nitondra vehivavy anankiray teo izy ireo, iray amin'ireo mpitsabo mpanampin'ny Mayo izay efa ho fatin'ny homamiadana, tsy misy afa-tsy aloka anankiray sisa. Rehefa nidina aho mba hikasika azy, dia nisy fahitana tonga aloha teo, naneho taminy fa niverina ho mpitsabo mpanampy indray izy. Ary efa voasoratra ao amin'ny lisitr'i Louisville izy hoe, “efa maty taona maro lasa.” Ao Jeffersonville izy izao androany izao, mitsabo, efa mitsabo any taona maro izay. Marina tokoa, nanandratra ny masoko aho, ary hitako io fahitana io. Nihodina aho, zara

raha mba nahafantatra izay nataoko, nitsangana teo, nangovitra aho tamin'ny voalohany nitondran'izy ireo an'io tranga io ka napetrany teo. Ary nitsangana nanodidina azy teo ireo mpitsabo mpanampy, ary nitsotra teo izy, ka ny tarehiny tena nilentika ary ny masonry lasa lalina.

²⁰² Margie Morgan. Raha te-hanoratra aminy ianareo, dia ny 411 Knobloch Avenue, Jeffersonville, Indiana izany. Na manorata any amin'ny Hopitaly Clark County, Jeffersonville, Indiana. Aleo izy no hanome anareo ny—ny fijoroana vavolombelona.

²⁰³ Nijery teo aho. Ary teo ilay tranga voalohany, nahita azy tonga teo, dia tonga teo ny fahitana anankiray. Nahita an'io vehivavy io niverina mitsabo indray aho, nandehandeha teo, tsara sy natanjaka ary salama. Hoy aho, “HOY NY TOMPO HOE, ‘Ho velona ianao fa tsy ho faty!’”

²⁰⁴ Ny vadiny, lehilahy tena ambony amin'ny fandraharahana eto amin'ity tany ity, dia nijery ahy toy *izao*. Hoy aho hoe, “Tompoko, aza matahotra ianao! Ho velona ny vadinao.”

²⁰⁵ Niantso ahy tany ivelany izy, hoy izy...niantso mpitsabo roa na telo, dia hoy izy, “Fantatrao ve ireto?”

Hoy aho hoe, “Eny.”

²⁰⁶ “Nahoana,” hoy izy, “niara-nilalao golfa taminy aho. Hoy izy hoe, ‘Efa nandrakotra ny tsinainy ilay homamiadana, hany ka na dia ny fanadiovana aza dia tsy azo atao aminy intsony.’”

²⁰⁷ Hoy aho hoe, “Tsy raharahiko izay nahazo azy! Misy zavatra nidina teto, nahita fahitana aho! Ary io Lehilahy teo izay nilaza tamiko io, no nilaza, na inona na inona hitako, miteny fotsiny dia ho tanteraka izany. Fa niteny tamiko Izy dia mino izany aho.”

²⁰⁸ Deraina Andriamanitra! Andro vitsy tao aorian'izany dia nanao ny sasa-lambany izy, nandehandeha teo. Milanja eo amin'ny dimy amby enim-polo amby zato livatra izy ankehitriny, salama tanteraka.

209 Fa vantany vao nanaiky aho, dia lasa ilay izy. Niantso ahy avy teo i Robert Daugherty. Dia niely izany, tonga tany Texas, eran'izao tontolo izao.

210 Ary indray alina, teo amin'ny faninefany na fanindiminy teo...Tsy azoko mihitsy ilay miteny amin'ny teny tsy fantatra sy ny sisa. Mino ny batisan'ny Fanahy Masina aho, nino fa afaka miteny amin'ny teny tsy fantatra ny olona. Ary indray alina rehefa nandeha aho nandroso ho ao amin'ny...tao amin'ny katedraly anankiray, San Antonio, Texas, nandroso teo, dia nisy tovolahy anankiray nipetraka teo nanomboka niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra tahaka ny basim-borona, na basy marovava, haingana be. Teny aoriana, teo aoriana teo, nisy lehilahy anankiray nitsangana ka nanao hoe, "HOY NY TOMPO HOE! Io lehilahy izay tonga eo amin'ny lampihazo io dia mandroso miaraka amin'ny asam-panompoana anankiray notendren'Andriamanitra Tsitoha. Ary tahaka ny nanirahina an'i Jaona mpanao Batisa ho mpialoha-làlana ny fihavian'i Jesosy Kristy, dia toy izany koa no hitondrany Hafatra anankiray hamoaka ny Fihavian'i Jesosy Kristy Tompo Faharoa."

211 Tena nitambotsotra tanteraka aho. Nanandratra ny masoko aho, hoy aho hoe, "Fantatrao ve io lehilahy io?"

Hoy izy hoe, "Tsia, tompoko."

Hoy aho hoe, "Fantatrao ve izy io?"

Hoy izy hoe, "Tsia, tompoko."

Hoy aho hoe, "Fantatrao ve aho?"

Hoy izy hoe, "Tsia, tompoko."

Hoy aho hoe, "Inona no ataonao eto?"

212 Hoy izy hoe, "Novakiako tao amin'ny gazety izy ity." Ary raha ny mahazatra...Io no hariva voalohan'ilay fivoriana.

Nijery teny aho dia nanao hoe, "Ahoana no maha-eto anao?"

213 Hoy izy hoe, "Ny olona tao amin'ny fianakaviako no nilaza tamiko fa ho eto ianao, 'mpanasitrana anankiray avy amin'Andriamanitra,' ka dia tonga aho."

Hoy aho hoe, “Tsy mifankahalala mihitsy izany ianareo eto?”

Hoy izy hoe, “Tsia.”

214 Oh, oadray! Teo no nahitako ny tena herin’ny Fanahy Masina...Raha toa noheveriko ho zavatra diso izany tany aloha, ary fantatro fa izaho...Io Anjelin’Andriamanitra io ihany no niara-niasa tamin’ireo olona izay nanana an’ireo zavatra ireo. Na dia misy fitaka aza ao amin’izy ireo sy fifangaroana maro ary resabe tsy misy dikany, dia tsy nahasakana izany fa nisy zavatra anankiray marina tao. [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.]...Kristy. Ary hitako fa—fa marina izany.

215 Oh, nandeha ny taona, ary tao amin’ireo fivoriana dia nahita ny olona, fahitana maro sy ny sisa.

216 Indray mandeha azon’ny mpaka-sary ny sarin’Izany rehefa nitsangana teny Arkansas tany ho any aho, mino aho fa, tao amin’ny fivoriana anankiray saiky mitovy amin’izao, mpivory tahaka izao. Ary nitsangana aho, niezaka nanazava an’Izany. Nahafantatra ny olona, dia nipetraka izy ireo ka nihaino, Metodista, Batista, Presbyteriana, sy ny sisa. Ary rehefa nijery aho, niditra ny varavarana, dia indro fa tonga Izy, nandeha, “Hoossh, hoossh!”

217 Hoy aho hoe, “Tsy mila miteny na inona na inona intsony aho eto, satria indro fa tonga Izy izao.” Ary nanatona Izy, dia nanomboka nihiaka ny olona. Tonga teo amin’izay nisy ahy dia nipetraka nanodidina teo.

218 Raha vao nipetraka teo Izy, dia nihazakazaka ny mpitory teny anankiray ka nanao hoe, “Eh, hitako Io!” Dia nanajamba azy Io ka—ka tena tsy nahita izy, nivembena niala teo. Azonareo jerena ny sariny ao anatin’io boky eo io mihitsy ary jereo izy fa mivembena rehefa miverina ary ny lohany niondrika toy izao. Azonareo jerena ny sariny.

219 Ary nipetraka teo Izany. Mpaka-sarin’ny gazety anankiray fotsiny ihany no nahazo Azy tamin’io fotoana io. Saingy tsy vonona ny Tompo.

²²⁰ Ary indray hariva tany Houston, Texas, rehefa, oh, in'arivony sy olona aman'arivony... Nisy valon-jato izahay... valo arivo mihoatra tao amin'ilay fiantsonareo azy hoe, toeran'ny efitra malalakin'ny mozika, dia niverina tany amin'ny Kianjaben'ny Sam Houston izahay.

²²¹ Ary tamin'ilay adi-hevitra tao tamin'io hariva io, rehefa nisy mpitoriteny Batista anankiray nanao hoe izaho "dia tsy inona fa mpihatsaravelatsihy anankiray tsy misy ilana azy fotsiny sady mpisandoka anankiray, mpivavaka mpisandoka, ary tokony roahina hiala amin'ny tanàna" ary izy mihitsy no anisan'ny hanao izany.

²²² Hoy Rahalahy Bosworth hoe, "Rahalahy Branham, avelanao handeha toy izao fotsiny ve ny zavatra tahaka izany? Ataovy ny fihaiakàna!"

²²³ Hoy aho hoe, "Tsia, tompoko, tsy manaiky ny hifamaly izany aho. Tsy natao hifamaliana tsy akory ny Filazantsara, natao hivelomana Izy." Dia hoy aho hoe, "Na ahoana na ahoana no handresenao lahatra azy, dia ny ataony ihany no mbola hataony." Hoy aho hoe, "Izy... tsy hanova na inona na inona izany. Raha Andriamanitra aza tsy afaka miteny ny fony, dia ahoana moa no hahavitako an'izany?"

²²⁴ Ny ampitson'io dia izao no niseho, izao no voalaza hoe, "Izany no mampiseho hoe avy amin'ny inona izy ireny," ny Houston Chronicle. Hoy izy io hoe, "Izany no mampiseho hoe avy amin'ny inona izy ireny, matahotra ny hiaro ny zavatra toriany izy ireo."

²²⁵ Tonga nanatona ahy Rahalahy Bosworth antitra, tena feno fitopolo taona izy tamin'izany, rahalahy antitra maha-te-ho-tia, nahodidiny ahy ny sandriny, hoy izy hoe, "Rahalahy Branham," hoy izy, "ny tsy hamaly ny fihaiakàna no tianao lazaina?"

²²⁶ Hoy aho hoe "Tsia, Rahalahy Bosworth. Tsia, tompoko. Tsy hamaly ny fihaiakàna aho." Hoy aho hoe, "Tsy hahatsara zavatra izany." Hoy aho hoe, "Miteraka fifamaliana fotsiny izany rehefa hiala eo amin'ny lampihazo izahay." Hoy aho hoe, "Manana fivoriana maromaro aho amin'izao fotoana izao, ka

tsy tiako hosimbana ny zavatra toy izany.” Hoy aho hoe, “Avelao fotsiny izy hanao eo.” Hoy aho hoe, “Izay ihany, mivazavaza fotsiny no ataony.” Hoy aho hoe, “Efa nahita tahaka an’ireo isika taloha, ary tsy haha-tsara zavatra mihitsy ny hiresaka amin’izy ireo.” Hoy aho hoe, “Tonga dia handeha izy ireo, mitazona ny heviny foana.” Hoy aho hoe, “Raha vao naharay ny fahalalana ny Marina izy ireny nefa mandà ny hanaiky Izany, dia ny Baiboly no milaza fa efa nahandingana an’ilay tsipika mampisaraka izy izay ka tsy hahazo famelan-keloka mihitsy na amin’izao fiainana izao na amin’izay fiainana ho avy. Antsoin’izy ireo hoe ‘ny Devoly’ Izany koa tsy hainy sakanana intsony izany. Manana ny fanahin’ny fivavahana izy ireo izay ny Devoly.”

²²⁷ Firy no mahafantatra fa marina izany, hoe ny fanahin’ny devoly dia mpivavaka? Eny, tompoko, tena mpitazona foto-pampianarana fatratra izy ireo. Ary teo, tamin’izay, dia tsy tafita tsara loatra izany rehefa nilaza aho hoe “mpitazona foto-pampianarana,” saingy marina izany. “Manana ny endriky ny toe-panahy araka an’Andriamanitra nefa mandà ny Heriny.” Marina izany. Ireo famantarana sy fahagagana no manamarina an’Andriamanitra, hatramin’izay. Ary nilaza Izy fa ho toy izany ihany koa amin’ny andro farany. Dia mariho!

²²⁸ Rahalahy Bosworth antitra, izaho...tokony niaraka tamiko izy, saingy somary reraka kely izy. Vao avy tany Japana izy. Tokony ho eto izy. Ho any Lubbock hiaraka amiko izy. Ary noho izany izy dia...manana kely, sery mahery, ka tsy tonga amin’ity anankiray ity, izy sy ny vadiny. Ary noho izany izy...

²²⁹ Ny rehetra dia mihevitra fa mitovy amin’i Kaleba izy. Nitsangana teo izy, nanao hoe, “Eny, Rahalahy Branham,” miaraka amin’ilay fihetsika tena mendrika, fantatrareo, hoy izy hoe, “avelao aho handeha hanaovako azy,” dia hoy izy hoe, “rehefa tsy te-hanao ianao.”

²³⁰ Hoy aho hoe, “Rahalahy Bosworth ô, izaho—izaho tsy tia ny hanaovanao an’izany. Hifamaly ianareo.”

Hoy izy hoe, “Tsy hisy teny fifamaliana velively eo.”

²³¹ Ankehitriny, alohan’ny hamaranako mihitsy, dia henoy ity. Lasa tany izy. Hoy aho hoe, “Raha toa ka tsy mifamaly ianareo, dia tsy maninona.”

Hoy izy hoe, “Mampanantena aho fa tsy hifamaly.”

²³² Teo amin’ny telo alina teo ny olona tafavory tao amin’io trano-malalaka io tamin’io hariva io. Rahalahy Wood, io nipetraka eo io, dia nanatrika teo tamin’izany fotoana izany, ary nipetraka tao amin’io trano-malalaka io. Ary izaho . . .

²³³ Hoy ny zanakolahy, na . . . Hoy ny vadiko hoe, “Tsy ho any amin’io fivoriana io ve ianao?”

²³⁴ Hoy aho, “Tsia. Tsy te-ho any aho ka handre azy ireo hifamaly. Tsia, tompoko. Tsy te-ho any aho ka hihaino an’izany.”

Rehefa tonga ny fotoana hariva, nisy Zavatra anankiray niteny hoe, “Mandehana ianao mankany.”

²³⁵ Nandray taksy aho, ny rahalahiko, sy ny vadiko ary ireo zanako, lasa tany izahay. Ary niakatra teny ambony tamin’ny rihana fipetrahana faha telo-polo aho, ambony be toy izany, dia nipetraka.

²³⁶ Rahalahy Bosworth antitra no niakatra teny toy ny diplomaty tranainy anankiray, fantatrarao. Nadikany ireo . . . Nanana teny fikasana enin-jato samy hafa tao amin’ny Baiboly izy voadikany. Hoy izy, “Ankehitriny, ry Best Mpampianatra, raha afaka hiakatra ety ianao ka haka ny anankiray amin’ireto teny fikasana ireto sady hanaporofa ny maha-diso an’izany amin’ny alàlan’ny Baiboly. Ireto teny fikasana rehetra ato amin’ny Baiboly ireto, manambara fa manasitrana ny marary Jesosy Kristy amin’izao andro izao. Raha afaka maka ny anankiray amin’ireto teny fikasana ireto ianao ka, amin’ny alàlan’ny Baiboly, hasehonao avy amin’ny Baiboly ny maha-diso azy, dia hipetraka aho, handray tànana anao, ka hilaza hoe, ‘marina ny anao.’”

²³⁷ Hoy izy hoe, “Hiandraketako izany rehefa tafakatra eny aho!” Ny hiteny farany no tiany mba hahafahany haneso an’i Rahalahy Bosworth, hitanareo.

²³⁸ Dia hoy Rahalahy Bosworth hoe, “Eny, ry Rahalahy Best, hanontany anankiray aminao fotsiny aho, dia hamaly ahy ianao amin’ny ‘eny’ na ‘tsia,’” hoy izy hoe, “dia faranantsika avy hatrany ny adi-hevitra.”

Dia hoy izy—hoy izy hoe, “Hiandraiketako izany!”

Ary nanontany ny lehiben’ny fivoriana izy raha afaka mametra-panontaniana aminy. Hoy izy hoe, “Eny.”

²³⁹ Hoy izy hoe, “Rahalahy Best, azo ampiharina amin’i Jesosy ve ireo anaram-panavotan’i Jehovah? ‘Eny’ sa ‘tsia?’”

²⁴⁰ Nilamina teo ny raharaha. Izay fotsiny ihany. Lazaiko anareo, tena nahatsapa zavatra nanenika ahy tsotra izao aho. Tsy mbola nieritreritra an’izany mihitsy aho, ny tenako, hitanareo. Dia nieritreritra aho hoe, “Oh, oadray, tsy nahavaly izy! Namatotra azy io.”

Hoy izy hoe, “Eny, ry Best Mpampianatra, izaho—izaho dia gaga.”

Hoy izy hoe, “Hiandraiketako io!”

²⁴¹ Hoy izy hoe, “Tena gaga aho raha mahita fa tsy voavalinao ny fanontaniako mora indrindra.” Tena tsy nanan-tahotra mihitsy izy, ary fantany hoe aiza izy no mitsangana. Ka dia nipetraka teo fotsiny izy niaraka tamin’io Soratra Masina io.

Hoy izy, “Lanio ny telo-polo minitranao, fa hamaly aho avy eo!”

²⁴² Dia nipetraka teo Rahalahy Bosworth antitra sady naka an’io Soratra Masina io ary tena namatotra an’ity lehilahy ity loatra izany ka nahatonga ny tarehiny ho mena toy ny azo ampirehetana afokasoka mihitsy eo amboniny, saiky.

²⁴³ Nitsangana avy teo izy, tezitra, ary natsipiny teny amin’ny gorodona ny taratasy, niakatra teo izy ka nanao toriteny Campbellite tsara anankiray. Batista aho fahiny, fantatro ny zavatra inoan’izy ireo. Izy tsy mbola. . . Nitory ny amin’ny fitsanganana izy, “‘rehefa hitafy ny tsi-fahafatesana ity mety maty ity,’ amin’izay fotoana izay isika vao hahazo ny fanasitranana

avy amin'Andriamanitra.” Oh, oadray! Inona no ilantsika ny fanasitrana avy amin'Andriamanitra rehefa tsy mety maty intsony isika (“rehefa hitafy ny tsi-fahafatesana ity mety maty ity,” fitsanganana amin'ny maty)? Nisalasala ny amin'ny fahagagana nataon'i Jesosy teo amin'i Lazarosy mihitsy aza izy, hoy izy hoe, “Maty indray izy avy eo, ka dia zavatra nandalo fotsiny iny.” Hitanareo?

²⁴⁴ Ary rehefa nofaranany, dia hoy izy hoe, “Ento eto izany mpanasitrana avy amin'Andriamanitra izany dia aleo ho hitako izy manao fahagagana izany!”

²⁴⁵ Nanao teny nifamely kely izy ireo teo. Hoy i Rahalahy Bosworth hoe, “Tena gaga ny aminao aho, Rahalahy Best, tsy novalianao ny fanontaniana anankiray napetrako taminao.”

²⁴⁶ Ary tena nisendaotra mafy loatra izy tamin'izay, hoy izy hoe, “Ento eto izany mpanasitrana avy amin'Andriamanitra izany dia aleo ho hitako izy manao fahagagana izany!”

Hoy izy hoe, “Ry Rahalahy Best, mino ve ianao fa mety ho voavonjy ny olona?”

Hoy izy hoe, “Tena marina izany!”

Hoy izy hoe, “Tianao ve ny hantsoina hoe mpamonjy avy amin'Andriamanitra?”

Hoy izy hoe, “Tsia dia tsia tokoa!”

²⁴⁷ “Sady tsy...Tsy hahatonga anao ho mpamonjy avy amin'Andriamanitra akory izany satria hoe mitory ny famonjena ny fanahy ianao.”

Hoy izy hoe, “Eny, tsia dia tsia tokoa!”

²⁴⁸ Hoy izy hoe, “Koa tsy mahatonga an'i Rahalahy Branham ho mpanasitrana avy amin'Andriamanitra ny fitoriana ny fanasitrana avy amin'Andriamanitra ho an'ny vatana. Tsy mpanasitrana avy amin'Andriamanitra akory izy, fa mitondra ny olona eo amin'i Jesosy Kristy.”

²⁴⁹ Dia hoy izy hoe, “Ento eto izy, dia avelao aho hahita azy hanao fahagagana! Avelao aho hahita ny olona, afaka herintaona, dia holazaiko anao na hino an'Izany aho na tsia.”

²⁵⁰ Hoy i Rahalahy Bosworth hoe, “Rahalahy Best, toa mitovy amin’ily teo Kalvary indray izany, ‘Midina avy eny amin’ny Hazo fijaliana dia hino Anao izahay.’” Hitanao?

²⁵¹ Ary koa, oh, tena tezitra mafy izy teo. Hoy izy hoe, “Avelao aho hahita azy hanao fahagagana! Avelao aho hahita azy hanao fahagagana!” Nasain’ily lehiben’ny fivoriana nipetraka izy. Nanatona teo izy, ary nisy mpitoriteny Pentekotista anankiray nitsangana teo, nasiany tehamaina fotsiny izao izy io nanerana ny lampihazo rehetra. Dia nosakanan’izy ireo izy. (Ka hoy Rahalahy Bosworth, “Eh, eh! Tsia, tsia.”) Ary dia nasain’ily lehiben’ny fivoriana nipetraka izy.

²⁵² Nitsangana i Raymond Richey, hoy izy hoe, “Izao ve no fitondratenan’ny Southern Baptist Convention?” Hoy izy hoe, “Ianareo mpitoriteny Batista, tsy ny Southern Baptist Convention ve no nandefa an’ity lehilahy eto ity sa tonga amin’ny alàlan’ny tenany izy?” Tsy namaly izy ireo. Hoy izy hoe, “Nanontany anareo aho!” Fantany izy ireo, izy rehetra.

²⁵³ Hoy izy ireo hoe, “Tonga amin’ny alàlan’ny tenany izy.” Satria fantatro fa mino ny fanasitranana avy amin’Andriamanitra ny Batista, ihany koa. Ka dia hoy izy hoe, “Tonga amin’ny alàlan’ny tenany izy.”

²⁵⁴ Koa izao no nitranga teo tamin’izay. Ary hoy Rahalahy Bosworth hoe, “Fantatro fa ato amin’ny fivoriana i Rahalahy Branham, raha tiany ny ho tonga mba hamaranana ny fivoriana, eny àry.”

Dia hoy i Howard hoe, “Mipetraka tsara ianao!”

Hoy aho hoe, “Hipetraka tsara aho.”

²⁵⁵ Ary teo dia nisy Zavatra tonga nihodinkodina, nanomboka nihodinkodina mafy teo, ary fantatro fa ilay Anjelin’ny Tompo Io, nanao hoe “Mitsangàna!”

²⁵⁶ Olona teo amin’ny diman-jato teo no nifandray tànana toy izao, nanokatra làlana ahy, nidina teny amin’ny lampihazo.

²⁵⁷ Hoy aho hoe, “Ry sakaiza, tsy mpanasitrana avy amin’Andriamanitra aho. Rahalahinao aho.” Hoy aho

hoe, “Ry Rahalahy Best, tsy hoe akory...” Na, “Ry Rahalahy Best,” hoy aho, “tsy hoe tsy fanajako anao tsy akory, ry rahalahiko, tsy izany mihitsy. Fa manana zo ianao ny amin’izay faharesen-dahatrao, izaho koa.” Hoy aho hoe, “Mazava ho azy, hitanao fa tsy vitanao ny nanaporofa an’ilay izy, ny hevitrao, nanoloana an’i Rahalahy Bosworth. Ary koa tsy vitanao izany eo anatrehan’ny olona izay nianatra Baiboly, izay mahafantatra an’ireo zavatra ireo.” Hoy aho hoe, “Ary raha ny amin’ny fanasitranana ny olona, tsy mahay manasitrana azy ireo aho, ry Rahalahy Best. Nefa eto foana aho isan-kariva, raha tianao ny hahita ny Tompo hanao fahagagana, dia tongava fotsiny. Manao an’izany isaky ny hariva Izy.”

258 Dia hoy izy hoe, “Te-hahita anao manasitrana olona aho, dia avelao aho hijery azy ireo! Nampiasanao ny herin’ny maso izy ireny tamin’ny alàlan’ny hypnotismana, saingy” hoy izy “tiako ho hita izany afaka herintaona!”

Hoy aho hoe, “Eny, azonao atao tsara mihitsy ny manamarina azy ireny, Rahalahy Best.”

259 Hoy izy hoe, “Tsy misy afa-tsy ianareo vondron’adala holy-rollers no mino ny karazan-javatra toy izany. Ny Batista tsy mino ny fahadalana toy izao.”

260 Hoy Rahalahy Bosworth hoe, “Andraso kely.” Hoy izy hoe, “Firy ny olona eto, nandritr’izay fivoriana roa herinandro teto izay, amin’ireo olona izay tena mpikambana ao amin’ireny fiangonana tsara Batista eto Houston, no afaka hanaporofa fa nositrarin’Andriamanitra Tsitoha nandritry ny naha-teto an’i Rahalahy Branham?” Fa naherin’ny telon-jato no nitsangana. Hoy izy hoe, “Ahoana ny amin’izao?”

261 Hoy izy hoe, “Tsy Batista ireo!” Hoy izy hoe, “N’iza n’iza dia afaka mijoro vavolombelona amin’izay zavatra tiany, fa tsy mbola milaza akory izany hoe marina io!”

262 Hoy izy hoe, “Ny Tenin’Andriamanitra no milaza fa marina izany, ary tsy afaka mandà an’izany ianao.

Ary ny olona no milaza fa marina izany, ka tsy azonao hampandaingana izy ireo. Koa inona no hataonao ny amin'Izany?" Hitanareo, tahaka an'izay.

²⁶³ Hoy aho hoe, "Rahalahy Best, milaza ny Marina fotsiny aho. Ary raha nilaza ny marina aho, voatery Andriamanitra ny hanohana ny Fahamarinana." Hoy aho hoe, "Raha toa Izy tsy...Raha toa ka tsy hanohana ny Fahamarinana Izy, dia tsy Andriamanitra Izy izany." Ary hoy aho hoe, "Tsy manasitrana olona aho. Fa teraka niaraka tamin'ny—tamin'ny fanomezam-pahasoavana hahita zavatra, hahita azy mitranga." Hoy aho hoe, "Fantatro fa tsy azon'ny olona aho, saingy tsy afaka ny hanao mihoatry ny fahafenoan'ny faharesen-dahatry ny foko." Hoy aho hoe, "Izaho dia mino fa nitsangana tamin'ny maty i Jesosy Kristy. Ary raha ilay Fanahy izay tonga ka maneho fahitana sy ny sisa, raha izay no mbola hametraham-panontaniana, dia mihodiana kely aloha dia jereo ny amin'io." Hoy aho hoe, "Izay ihany." Saingy hoy aho hoe, "Fa raha ny amiko, tsy mahay manao na inona na inona amin'ny alàlan'ny tenako aho." Ary hoy aho hoe, "Raha milaza ny Fahamarinana aho, dia voatery eo anatrehako Andriamanitra, hanambara fa Izany no Fahamarinana."

²⁶⁴ Ary saiky tamin'io fotoana io, dia nisy Zavatra tonga, "Hooooosssh!" Indro Izy tonga, tonga teo mihitsy. Ary ny Fikambanana Mpaka-sary Amerikana, ny Douglas Studios ao Houston, Texas, nanana fakan-tsary lehibe nipetraka teo (voarara ny fakàna sary teo), naka sary.

²⁶⁵ Raha mbola teo izy ireo naka sary an'Atoa. Best, dia izy—izy nanao hoe, talohan'ny nahatongavako teo, hoy izy hoe, "Andraso iray minitra! Haka sary enina eto aho!" Hoy izy hoe, "Eto, alaivo sary aho izao!" Ary nataony teo amin'ny oron'ity lehilahy masina ity ny ratsan-tànany, toy izao, hoy izy hoe, "Alaivo sary aho izao!" Dia naka izy ireo. Avy teo dia navokony ny totohondriny ka ningainy, hoy izy hoe, "Alaivo sary aho izao!" Dia nalain'izy ireo tahak'izany io. Avy teo dia nataony tahaka izao, nanao fihetsika ho an'ilay sariny izy. Hoy izy hoe, "Ho hitanareo ao amin'ny gazetiko ity!" tahaka izany.

²⁶⁶ Nitsangana teo i Rahalahy Bosworth sady tsy niloa-bava mihitsy. Teo dia naka ny sarin'Ity fotsiny izy ireo.

²⁶⁷ Teny an-dàlana hody io hariva io, (zazalahy Katolika no naka azy), hoy izy tamin'ilay zazalahy anankiray, hoy izy hoe, "Ahoana ny hevitrao mikasika an'Ity?"

²⁶⁸ Hoy izy hoe, "Fantatro fa nanakiana azy aho. Niala tamin'ny tendan'ilay vehivavy io ilay fivontosana, nolazaiko ho nampiasany ny herin'ny maso izy io." Hoy izy hoe, "Mety ho diso aho amin'izany."

Hoy izy hoe, "Ahoana ny hevitrao ny amin'iny sary iny?"

"Tsy fantatro."

²⁶⁹ Nataon'izy ireo tao anaty asidra ilay izy. Ity ny sariny, azonareo anontaniana izy raha tianareo. Nody izy ireo, nipetraka teo sady nifoka sigara anankiray. Niverina izy ireo ka namoaka ny iray tamin'ny an'i Rahalahy Bosworth, mainty ilay izy. Namoka anankiroa, telo, efatra, dimy, enina, nefa fotsy avokoa izy rehetra ireo. Tsy neken'Andriamanitra ho azo ilay sarin'ny Lehilahiny masina antitra niara-nijoro tamin'io mpihatsaravelatsihy teo io, niaraka tamin'ny orony, na tànany, ny tànany nivokona teo ambanin'ny orony tahaka an'izao. Tsy Navelany izany.

²⁷⁰ Navoakan'izy ireo ny manaraka, dia Ity izany. Tratry ny aretim-po ilay lehilahy, hoy izy ireo, tamin'io hariva io.

²⁷¹ Ary nalefan'izy ireo tany Washington, D.C. ity negatifa ity. Tsy azo adika ilay izy, dia naverina.

²⁷² Ary George J. Lacy, ilay lehiben'ny F.B.I. momba ny dian-tànana sy ny taratasy, sy ny sisa, anisan'ny tena mahay indrindra raha eto amin'izao tontolo izao, no nitondra azy ireto ary notazoniny roa andro mba hitilina ny fakan-tsary, ny jiro, sy ny maro hafa koa. Ary rehefa tonga izahay tamin' io tolakandro io, dia hoy izy hoe, "Revera Branham, izaho mba nanakiana anao, ihany koa." Hoy izy hoe, "Ary nilaza aho hoe fahalalana momba ny saina izany,

ny olona milaza fa nahita an'ireo Fahazavana ireo sy ny zavatra toy izany." Hoy izy hoe, "Fantatrao, ilay mpihatsaravelatsihy tranainy no nilaza an'izany taloha" (ny tsy mino no tiany nolazaina) "'hoe ireo sary manodidina ireo, hoe io hazavana manodidina an'i Kristy io, manodidina an'ireo olo-masina,' hoy izy, 'dia fahalalana momba ny saina fotsiny ihany.'" Saingy hoy izy hoe, "Revera Branham, ny maso mekanika amin'ity fakan-tsary ity kosa dia tsy hahazo sary ny fahalalana momba ny saina izany! Namely ny fitaratra ilay Hazavana, na namely ny negatifa, dia ity Izy eto ity." Dia hoy izy...

²⁷³ Ary naveriko tamin'izy ireo ilay izy. Hoy izy hoe, "Oh, ramose, mba fantatrao ve ny teti-bidin'ity?"

Ary hoy aho, "Tsy ho ahy, ry rahalahy, tsy ho ahy." Dia hoy izy hoe...

²⁷⁴ "Mazava ho azy, tsy hisy fiantraikany mihitsy ity raha mbola velona ianao, fa indray andro any kosa, raha mitohy ihany ny fandrosoana ka mbola mitoetra foana ny Kristianisma, dia hisy zavatra hitranga mikasika an'io."

²⁷⁵ Noho izany, ry sakaiza, anio hariva, raha ity no fihaonantsika farany amin'ity tany ity, dia mipetraka eo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra Tsitoha izaho sy ianao. Marina ny fanambarako. Maro, zavatra maro, antontam-boky marobe no ilaina hanoratana azy, saingy tiako mba hahalala ianareo.

²⁷⁶ Firy aminareo eto no tena nahita marina, tsy ilay sary akory, fa ilay Hazavana Izy Tenany mihitsy nitsangana nanodidina ny toerana izay nitoriako? Atsangano ny tãnanareo, izay rehetra ato an-trano, izay rehetra efa nahita Azy io. Jereo, fa misy valo na folo eo ny tãnan'izay mipetraka eto.

²⁷⁷ Hoy ianareo hoe, "Mety—mety hisy ve ny hoe ry zareo mahita Azy fa izaho tsy mahita Azy?" Eny, tompoko.

²⁷⁸ Ilay—ilay Kintana izay narahin'ireo magy, dia nandalo teo ambonin'ny toerana rehetra fandinihana kintana. Tsy nisy nahita Azy afa-tsy izy ireo ihany. Izy ireo irery ihany no nahita Azy.

²⁷⁹ Nitsangana teo Elisa ka nijery an'ireo kalesy afo rehetra ireo, sy ireo zavatra hafa. Ary Gehazy nijery nanodidina, nefa tsy nahita an'ireo na taiza na taiza. Hoy Andriamanitra hoe, “Sokafy ny masonry mba hahitany.” Ary dia hitany ireo, hitanareo. Fa tovolahy nahafinaritra izy, nitsangana teo sady nijery nanodidina, saingy tsy nety nahita an'ilay izy. Izany tokoa. Nomena ho an'ny sasany ny hahita, fa ny hafa tsia. Ary marina izany.

²⁸⁰ Fa ankehitriny ianareo izay tsy mbola nahita an'Izany mihitsy, tsy mbola nahita an'Izany mihitsy, ary ianareo efa nahita an'Izany tamin'ny masonareo ara-nofo indray fa tsy mbola nahita an'ilay sary mihitsy, kanefa ireo nahita ny sary no manana porofo bebe kokoa noho ianareo izay nahita an'Izany tamin'ny maso ara-nofo. Satria ianareo, tamin'ny masonareo ara-nofo, dia mety ho nanao fahadisoana ianareo, mety ho zavatra manjavozavo anankiray ilay izy. Tsy marina ve izany? Saingy tsy zavatra manjavozavo anankiray Ity, fa Fahamarinana Ity, izay noporofoin'ny fikarohana siantifika fa Ity no Fahamarinana. Noho izany dia ny Tompo Jesosy no nanao an'izao.

“Inona ary no hiheveranao Azy ity,” hoy ianareo, “ry Rahalahy Branham?”

²⁸¹ Izaho dia mino fa Io ihany ilay Andry Afo izay nitarika ny zanak'Isiraely avy tao Egipta nankany Palestina. Izaho dia mino fa Io ihany ilay Anjelin'ny Mazava izay tonga tao—tao an-tranomaizina ka tonga teo amin'i Masindahy Petera sady nikasika azy, ka nandeha nandroso dia nanokatra ny varavarana ary namoaka azy tany ivelany teo amin'ny mazava. Ary izaho dia mino fa Io no ilay Jesosy Kristy tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Amena! Izy no ilay Jesosy tsy miova anio tahaka izay naha-Izy Azy omaly. Hitoetra ho Jesosy tsy miova mandrakizay Izy.

²⁸² Ary raha mbola miresaka ny amin'Izany aho, io Hazavana izay eo amin'io sary io dia...mitsangana tsy misy dian-tongotra roa akory miala eto amin'izay hijoroako amin'izao fotoana izao mihitsy. Marina izany. Tsy afaka mahita Azy amin'ny—ny masoko aho,

saingy fantatro kosa fa mijoro eto Izy. Fantatro fa eo am-pakana toerana ato anatiko Izy ankehitriny. Oh! Raha mba fantatrareo fotsiny mantsy ilay fahasamihafana rehefa miditra an-tsehatra ilay herin'Andriamanitra Tsitoha, sy ny hoe toy inona ny fahasamihafan-javatra!

283 Fihaikana izany, ho an'ny rehetra. Tsy nieritreritra ny hivavaka ho an'ny marary aho, ny hanao fanoloran-tena no saika hataoko. Saingy nihantona teo ambonin'ny olona ilay fahitana. Ha—hay. Fantatr'Andriamanitra izany. Tsy hiantso laharam-bavaka aho, fa hamela anareo hipetraka fotsiny eo. Firy aminareo eto no tsy manana karatra fangataham-bavaka? Atsangano ny tànanao, izay olona tsy manana karatra fangataham-bavaka, tsy manana karatra fangataham-bavaka.

284 Io ramatoa mainty hoditra mipetraka eto io, hitako fa nananga-tànana ianao. Marina ve izany? Mitsangàna fotsiny mba ahafahako manavaka anao vetivety. Tsy fantatro izay holazain'ny Fanahy Masina, nefa fijery feno fahatsorana no ijerena ahy. Tsy manana karatra fangataham-bavaka ianao? Raha ambaran'Andriamanitra Tsitoha ahy hoe inona ny olanao...Manao an'izao aho mba hanombohako fotsiny, mba hanombohana fotsiny. Ianao ve mino ahy ho...Fantatrao fa tsy misy na inona na inona...tsy misy zavatra tsara raha ny amiko. Raha toa ka vehivavy manam-bady ianao, dia tsy mihoatra noho ny vadinao aho akory. Lehilahy anankiray fotsiny ihany aho. Saingy Jesosy Kristy no Zanak'Andriamanitra, ary nandefa ny Fanahiny Izy mba hanamarina an'ireto zavatra ireto.

285 Raha holazain'Andriamanitra amiko hoe inona no tsy mety eo aminao (ary fantatrao fa tsy manana fomba fifandraisana aminao mihitsy aho na iray aza), dia hino amin'ny fonao rehetra ve ianao? [Miresaka ilay anabavy—Mpand.] Hitahy anao anie Andriamanitra. Koa ny tosi-drànao ambony efa niala taminao. Izay no nahazo anao. Tsy marina ve izany? Mipetraha amin'izay ary ianao.

²⁸⁶ Inoy indray mandeha fotsiny ilay izy! Mihaika ny rehetra aho mba hino an'Izany.

²⁸⁷ Jereo aty, mamelà ahy hiteny zavatra kely aminareo. Marta, rehefa nanatona ny Tompo Jesosy. Tsy ho niasa mihitsy io fanomezam-pahasoavana io...Taorian'ny nanehon'ny Ray Azy ny zavatra izay Hataony. Tsy ho niasa mihitsy Izy io. Saingy hoy izy, "Tomo, izaho...Raha teto Ianao, dia tsy maty ny anadahiko." Hoy izy, "Nefa fantatro fa na dia ankehitriny izao aza na inona na inona no Hangatahinao amin'Andriamanitra, dia homen'Andriamanitra Anao izany."

²⁸⁸ Hoy Izy hoe, "Izaho no Fananganana ny maty sy Fiainana, izay mino Ahy na dia maty aza, dia ho velona indray. Ary izay rehetra velona ka mino Ahy dia tsy ho faty mandrakizay. Mino izany ve ianao?"

²⁸⁹ Henoy izay nolazainy. Hoy izy hoe, "Eny, Tompo. Mino aho fa izay rehetra Nolazainao dia Marina. Mino aho fa Ianao no Zanak'Andriamanitra ilay ho tonga amin'izao tontolo izao." Izay no fomba nanatonany, am-panetre-tena.

Mahatsapa ho hafa ianao izao, sa tsy izany, ramatoa? Eny. Marina izany.

²⁹⁰ Itsy ramatoa kely mipetraka etsy itsy, io akaikinao io, ihany koa, mararin'ny aretin-kozatra sy olana ara-pananahana. Tsy marina ve izany, ramatoa? Mitsangàna vetivety hoe, io ramatoa kely manao akanjo menamena io. Tena akaiky tokoa ianao, tonga teo aminao ilay fahitana. Aretin-kozatra, olana ara-pananahana. Tsy marina ve izany? Ary ity misy zavatra anankiray eo amin'ny fiainanao (ianaosy dia manana—manana fijery tena feno fahatsorana ianao): manana ahiahy betsaka ianao eo amin'ny fiainanao, olana maro tokoa. Ary io olana io dia momba an'ilay malalanao, ny vadinao izany. Mamolava izy io. Tsy mety mankany am-piangonana izy. Raha marina izany, atsangano ny tanao. Andriamanitra hitahy anao, ramatoa. Mandehàna mody ankehitriny ka raiso ny fitahiana. Sitrana ianao, misy hazavana manodidina anao.

²⁹¹ Io lehilahy mipetraka eo akaikiny eo io. Ianao, tompoko, mino ve ianao? [Hoy ilay rahalahy hoe, “Eny. Mino aho.”—Mpand.] Amin’ny fonao rehetra? [“Eny, tompoko.”] Very teo aminao ny taovam-pandrenesanao anankiray. Ny taovan’ny fanamboloanao izany. Tsy marina ve izany? Raha marina izany, dia ahofahofao ny tãnanao. [“Marina izany.”] Ataovy eo am-bavanao ny tãnanao, toy *izao*, lazao hoe, “Tompo Jesosy, mino Anao amin’ny foko rehetra aho.” [“Tompo Jesosy, mino Anao amin’ny foko rehetra aho.”] Andriamanitra hitahy anao. Mandehàna ankehitriny. Ho azonao ny fahasitrananao.

²⁹² Manàna finoana an’Andriamanitra! Inona no iheveranareo rehetra ny amin’Izy io, ery aoriana ery? Mino ve ianareo? Aoka ary ianareo hanaja!

²⁹³ Misy ramatoa anankiray mipetraka iry aoriana indrindra an-jorony iry. Hitako mihantona eo aminy io Hazavana io. Izay ihany no fomba tokana ahafahako milaza ny mikasika an’ilay izy, mihantona izao izany Hazavana izany. Io Fahazavana izay eto io mihitsy dia mihantona eo ambonin’ny ramatoa anankiray. Angamba ao anatin’ny iray minitra fotsiny, raha mety ho hitako hoe inona ilay izy. Izy io dia hanimba . . . Ilay ramatoa dia mararin’ny—mararin’ny aretim-po. Mijery ahy mihitsy izy izao.

²⁹⁴ Ary mipetraka eo akaikiny ny vadiny. Ary ny vadiny dia manana aretina, marary fotsiny izy, tsy metimety, marary. Tsy marina ve izany, tompoko? Atsangano ny tãnanao raha marina izany. Marina izany, ianao izany, ramatoa, izay mitafy lamba fisalotra etsy io. Ry ramose, tsy marina ve izany? Tsy ohatry ny tsy netinety ve ianao androany? Misy tsy metimety ao amin’ny vavoninao, ralehilahy. Marina izany.

²⁹⁵ Mino amin’ny fonareo rehetra ve ianareo, ianareo roa? Manaiky Azy io ve ianareo? Tompoko, lazaiko anao, fa ianao koa, mahita anao izay manangan-tànana io aho, fahazarana mifoka. Atsaharo izany. Mifoka sigara ianao, tsy tokony hanao an’izany ianao, mankarary anao izany. Tsy marina ve izany? Raha marina izany, ahofahofao toy izao ny tãnanao. Izay no mahatonga anao ho tsy

metimety. Tsy tsara ho an'ny ozatrao io. Ario any ireny zavatra ratsy ireny ary aza manao an'io intsony, dia ho afaka amin'io ianao ka ho salama tsara, ary ny aretim-pon'ny vadinao dia hiala aminy. Mino izany ve ianao? Tsy marina ve izany? Tsy mahita anao avy eto aho, ary fantatrao izany, saingy ianao dia mitondra sigara ao amin'ny...ao—ao anatin'ny paosinao aloha. Marina izany. Avoahy ireo zavatra ireo ka apetraho eo amin'ny vadinao ny tãnanao, lazao amin'Andriamanitra fa tsy hikasika an'ireny karazan-javatra ireny intsony mihitsy ianao, dia ho sitrana ianao raha hody, ianao sy ny vadinao dia ho tsara. Isaorana anie ny Anaran'ny Tompo Jesosy!

Mino amin'ny fonareo rehetra ve ianareo?

²⁹⁶ Itsy ramatoa kely mipetraka mijery ahy itsy. Ianao eo amin'ny...eo amin'ny fipetrahana aloha indrindra io, io mipetraka eo io. Ramatoa kely manana...mijery ahy, io mipetraka eo io mihitsy. Ianao tsy manana...Manana karatra fangataham-bavaka ve ianao, ramatoa, io eto io? Tsy manana karatra fangataham-bavaka ve ianao? Mino amin'ny fonao rehetra ve ianao? Mino ve ianao fa mahay manatsara anao Jesosy Kristy?

²⁹⁷ Ahoana ny hevitrao ny amin'Izy io, ianao izay mipetraka eo akaikiny io? Manana karatra fangataham-bavaka ve ianao, ramatoa? Tsy manana ianao? Tianao ve ny ho tsara, ihany koa? Tianao ve ny hihinana indray tahaka anao taloha, ka hiala ny aretim-bavony? Mino ve ianao fa manasitrana anao Jesosy izao? Mitsangana ianao raha mino fa nanasitrana anao Jesosy Kristy. Loaka ny vavoninao, tsy izany ve? Noho ny fahataitairana no nahatonga izany. Efa ela no nahataitaitra anao. Indrindra fa ny marikivy sy ireo zavatra, na ny tiako lazaina dia ireo miteraka marikivy, ka mahatonga an'ireo nifinao tsy mahatanty rehefa miverina ao am-bava ny sakafonao. Marina izany. Eny, tompoko. Vavony loaka izany, eo amin'ny vavoninao ambany izany. Tena mahamay mihitsy ilay izy indraindray indrindra fa rehefa avy mihinana mofo atono misy dibera iny. Marina ve

izany? Tsy mamaky ny eritreritrao aho tsy akory, fa ny Fanahy Masina no tsy mety diso. Sitrana ianao ankehitriny. Mandehàna mody, aoka ho salama.

²⁹⁸ Ahoana ny aminareo ery amin'iry faritra iry? Ny sasany aminareo eny izay tsy manana karatra fangataham-bavaka, atsangano ny tànanareo. Izay olona tsy manana karatra fangataham-bavaka. Eny àry, manàna fanajana, minoa amin'ny fonareo rehetra. Ahoana ny aminareo eny ambony rihana? Manana finoana an'Andriamanitra.

²⁹⁹ Tsy haiko ny hanao an'izao amin'ny alàlan'ny tenako manokana, fa ny Fahasoavany ambony indrindra fotsiny izany. Mino ve ianareo? Izay Asehony ahy ihany no azoko lazaina. Arakaraka ny finoanareo... Milaza an'izany aho mba hanetsika ny finoanareo, avy eo dia ho jereko izay toerana Hitarihany ahy. Mba tsapanareo ve fa—fa tsy ny rahalahinareo akory izao? Mijoro eo amin'ny Fanatrehany ianareo. Tsy izaho no manao an'izao, fa ny finoanareo no manetsika Azy. Tsy mahay manetsika Azy aho. Fa ny finoanareo no manao an'izany. Tsy manana fomba hanetsehana Azy aho. Andraso vetivety.

³⁰⁰ Itsy an-jorony itsy dia mahita lehilahy mainty hoditra mipetraka eo aho, somary efa zokiolona, manao solomaso. Manana karatra fangataham-bavaka ve ianao, tompoko? Mitsangana kely hoe ianao. Mino ve ianao fa mpanompon'Andriamanitra aho, amin'ny fonao rehetra? Mieritreritra olon-kafa ianao, sa tsy izany? Raha marina izany, ahofahofao ny tànanao. Tsy hoe noho ny amiko tsy akory, izay rahalahinao. Ankehitriny, tsy manana karatra fangataham-bavaka ianao. Tsy hisy fomba ahafahanao ho tonga eo amin'ny laharana, satria tsy manana karatra fangataham-bavaka ianao. Ankehitriny, raha misy aminareo manana karatra fangataham-bavaka, aza—aza—aza mitsangana, hitanareo, satria manana anjara ny ho eo amin'ny laharana ianareo.

³⁰¹ Saingy mahita an'ilay Hazavana mihantona eo amboniny fotsiny aho. Mbola tsy tonga ilay fahitana. Tsy mahay manasitrana anao aho, rahalahy, tsy mahay aho. Andriamanitra irery ihany no mahay manao

an'izany. Fa ianao...ianao...ianao dia manana finoana. Mino ianao. Ary indro misy—misy zavatra, io—io no nahatonga an'izany, tahatahaka izany.

³⁰² Raha hilaza amin'ity lehilahy ity ny olany Andriamanitra Tsitoha, dia handray ny fanasitrananareo ve ianareo sisa rehetra ireo? Ity misy lehilahy anankiray, mijoro tsara eo amin'ny folo, na dimy ambin'ny folo metatra miala eto amiko, tsy mbola nahita azy mihitsy aho tamin'ny fiainako. Lehilahy anankiray mijoro eo fotsiny izy. Raha toa ka hilaza izay tsy mety amin'io lehilahy io Andriamanitra Tsitoha, ny tsirairay aminareo dia tokony ho olona salama rehefa handeha hiala eto. Inona indray no azon'Andriamanitra atao ankoatr'izany? Tsy marina ve izany?

³⁰³ Tompoko, tsy misy zavatra tsy mety aminao. Reraka ianao, tsy maintsy miharina kely ianao amin'ny alina, prostaty sy ny sisa, saingy tsy izay akory ilay olana eo aminao. Fa ny olanao dia mikasika ny zanakao lahy. Ary ny zanakao lahy dia ao amin'ny karazana tranom-panjakana anankiray, ary manana andraikitra roa izy. Marina ve izany? Ahofahofao ny tñananao raha marina izany. Tena marina tokoa izany.

³⁰⁴ Firy àry no mino ankehitriny fa mitsangana eto Jesosy Kristy ilay Zanak'Andriamanitra? Ndao isika hitsangana sy hanome fiderana ka handray ny fanasitranana antsika.

³⁰⁵ Ry Andriamanitra Tsitoha, Mpanao ny Fiainana, Mpanome ny fanomezana tsara rehetra, eto Ianao, ilay Jesosy Kristy Tompo tsy miova, ilay tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay.

³⁰⁶ Ary, Satana, efa ela no nandaingalainganao tamin'ireto olona ireto, mivoaha aminy ianao! Mandidy anao amin'ny alàlan'ilay Andriamanitra velona aho izay eto ny Fanatrehany ankehitriny amin'ny endrika Andry Afo, avelao ireto olona ireto! Ary mivoaha amin'izy ireo, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy!

³⁰⁷ Ny tsirairay aminareo atsangano ny tñanareo ary derao Andriamanitra, ary raiso ny fahasitrananareo, ny tsirairay. [Midera an'Andriamanitra ny Fianganana—Mpand.]



Aorian'ny famakiana an'ity boky ity, raha tianao ny hahazo fahalalana bebe kokoa mikasika ny Rev. William Branham sy ny asam-panompoany, dia iangaviana ianao hifandray amin'ny sampan-draharaha eto ambany:

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. Box 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org